

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**Loi n° 2004 - 012**  
**portant accord de don de l'Association Internationale**  
**de Développement (IDA)**  
**(Projet d'Appui au Programme Environnemental 3)**

**EXPOSE DES MOTIFS**

L'accord de don de 40 millions de dollars US accordé par la Banque Mondiale en appui au Programme Environnemental phase III servira à la mise en œuvre des composantes suivantes du cadre logique de ce Programme :

- La gestion des aires protégées en relation avec l'Association Nationale pour la Gestion des Aires Protégées - ANGAP pour 13.5 millions de dollars ;
- La gestion des écosystèmes forestiers avec comme partenaire la Direction Générale des Eaux et Forêts et la future Agence pour la Gestion des Forêts - ANGEF à hauteur de 18.0 millions de dollars ;
- L'intégration de la dimension environnementale dans les politiques sectorielles et nationales pour 8.5 millions de dollars (Direction Générale de l'Environnement- DGE, Office National pour l'Environnement - ONE, Cellule de Coordination du PE3 - CELCO/PE3).

Par ailleurs, 7.5 millions de dollars seront réservés pour la constitution de la dotation en capital de la future Fondation pour la biodiversité dont les revenus serviront à financer les activités de conservation des aires protégées.

Bien qu'étant un don, cette participation de la banque exige une contrepartie en Franc Malgache prise en charge par l'Etat.

Cette contrepartie qui représente la contribution du Gouvernement malgache dans le financement du Programme est évaluée globalement à 20 % du coût global des activités, soit près de 9.8 millions de dollars répartis sur cinq ans et inscrits annuellement sur le Programme d'Investissement Public du Ministère de l'Environnement.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

**Loi n° 2004 - 012**  
**portant accord de don de l'Association Internationale**  
**de Développement (IDA)**  
**(Projet d'Appui au Programme Environnemental 3)**

Le Sénat et l'Assemblée nationale ont adopté en leur séance respective en date du 14 juillet 2004 et du 19 juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée la ratification de l'Accord de don N° H087 MAG d'un montant de Quarante (40) millions US\$ du 21 mai 2004, entre l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT et la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR dans le cadre du Programme Environnemental 3.

**Article 2** - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 19 juillet 2004**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE  
NATIONALE p.i.**

**LE PRESIDENT DU SENAT**

**LECHAT RAMAMPY Marie Zénaïde**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

FANOMEZANA ATAON'NY IDA n° H087 MAG

FANOMEZANA ARA BOLA HO AN'NY FAMPANDROSOANA

(Tetikasa Fanohanana ny Fandaharanasa Dingana Fahatelo  
momba ny Tontolo iainana)

eo amin'ny

MADAGASIKARA

Sy ny

BANKY IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Tamin'ny 21 may 2004

## FANOMEZANA ARA BOLA N° H087 MAG

Fifanarahana, tamin'ny 21 may 2004, teo amin'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA (mpisitraka) sy ny BANKY IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA (Fikambanana);

### SATRIA

(A) Ny Mpisitraka, nahafeno ny torofenitra momba ny fahazoa-manatanteraka sy ny fanomezan-tombondahiny ny Tetikasa voalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao, dia nangataka ny Fikambanana mba hanampy azy amin'ny famatsiam-bola ny Tetikasa ;

(B) Ny Tetikasa dia manohana ny dingana fahatelo amin'ny Planina eto amin'ny firenena momba ny Lahasa mikasika ny Tontolo Iainana (PNAE) ataon'ny Mpisitraka araka ny voalaza ao amin'ny Dina momba ny tontolo Iainana eto Madagasikara nolaniahana ao anatin'ny lalàna laharana faha-90-033 tamin'ny 21 desambra 1990, sy novàna taty aoriana ao anatin'ny lalàna laharana faha-97-012 tamin'ny 06 jona 1997, izay efa nitadiavan' ny Mpisitraka sy nahazoany ny fanohanan'ny fiombonamben'ny mpamatsy vola nandritra ny fe-potoana dimy ambin'ny folo taona ;

(C) Ny Fikambanana dia naharay taratasy avy amin'ny Mpisitraka, tamin'ny 30 janoary 2004, izay milazalaza ny fahitany ny Mpisitraka sy ny zavatra omen-tombondahiny ary ny paika arahiny amin'ny fitantanana maharitra ny tontolo iainana ao aminy (ny Fandaharanasa), sy manambara ny faneken'ny Mpisitraka ny hanatanteraka ny Fandaharanasa ;

(D) Ny Mpisitraka dia nangataka ihany koa ny Banky Iraisampirenena momba ny Fanarenana sy ny Fampandrosoana (ny Banky) izay manao izany toy ny masoivoho mpanatanteraka ao amin'ny Tahiry momba ny Tontolo Iainana erantany (FEM) mba hanome fanampiana fanampiny amin'ny famatsiam-bola ny Tetikasa sy, araka ny fifanarahana mitondra ny vaninandro androany ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny Banky (ny Fifanarahana momba ny Fanomezana avy amin'ny Tahirim-bolan'ny FEM dia nanaiky ny hanome izany fanampiana izany izay mitetinà ankapobe eo ho eo amin'ny sivy tapitrisa dolara amerikana (\$ 9.000.000) (Fanomezana avy amin'ny Tahirim-bolan'ny FEM) araka ny fombafomba voatanisa ao amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana avy

amin'ny Tahirim-bolan'  
ny FEM ; ary

(E) Ny Mpisitraka dia manan-kevitra ny handraikitra fifanarahana amin'ny mpamatsy vola hafa (Mpamatsy vola hafa) mba ahazoana fanomezana famenony mitetinà ankapobe eo ho eo amin'ny iraka amby fitopolo tapitrisa tapitrisa dolara amerikana (\$ 71.000.000) (Fanomezana avy amin'ny mpamatsy vola Hafa) ho enti-manampy amin'ny famatsiam-bola ny Tetikasa araka ny fombafomba voatanisa ao amin'ny Fifanarahana ifanaovan'ny Mpisitraka sy ireo Mpamatsy vola Hafa ireo (Fifanarahana momba ny Fanomezana avy amin'ny Mpamatsy Vola Hafa)

SATRIA ny Fikambanana dia nanaiky ka mifototra, ankoatra izany, amin'izay voalaza etsy aloha, ny hanome Fanomezana ho an'ny Mpisitraka araka ny fombafomba voatanisa amin'izao Fifanarahana izao.

ARAKA IREO FANEHOAN-KEVITRA REHETRA IREO, dia nifanaraka araka izao manaraka izao ny roa tonta mandray anjara amin'izao fifanarahana izao :

Andininy voalohany  
Fepetra ankapobe ; Famaritana

Sokajy 1.01 Ny "Fepetra ankapobe Fampihatra amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola amin'ny Fampandrosoana" ataon'ny Fikambanana, tamin'ny 01 janoary 1985, nososohana tamin'ny 06 oktobra 1999 ny fanovàna voalaza ao amin'ny Tovana 5 amin'izao Fifanarahana izao (ny Fepetra Ankapobe) dia zary tsy azo sarahina amin'izao Fifanarahana izao.

Sokajy 1.02 Afa-tsy raha hoe misy famarafaran-teny mifanohitra amin'izany, ny teny samihafa voalaza ao amin'ny Fepetra Ankapobe sy ao amin'ny Savaranonando amin'izao fifanarahana izao dia manana ny heviny avy voalaza ao, ary ny teny fanampiny manaraka eto dia manana ny heviny manaraka etoana :

(a) "ANGAP" dia "Fikambanana eto amin'ny Firenena momba ny Fitantanana ny Faritra Arovana", fikambanana natsangana sy miasa ao anatin'ny faritra soritan'ny lalàna ao amin'ny Mpisitraka ;

(b) "Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony avy amin'ny ANGAP" dia

ny fifanarahana atao fitsiahy ao amin'ny sokajy 3.03(b) amin'izao Fifanarahana izao, ka ifanarahana fa azo anaovana izay mety ho soso-panovana, ary io teny io dia mahafaoka

ny Tovana rehetra amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony avy amin'

ny ANGAP ;

(c) "ANGEF" dia Masoivoho eto amin'ny Firenena momba ny Fitantanana ny Rano sy Ala, Masoivoho izay hatsangana araka ny sokajy 3.02 amin'izao Fifanarahana izao sy araka ny lalàna ao amin'ny Mpisitraka ;

(d) "Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony avy amin'ny ANGEF" dia ny fifanarahana izay atao fitsiahy ao amin'ny sokajy 3.03 (a) amin'izao fifanarahana izao ka ifanarahana fa azo anaovana izay mety ho soso-panovana, ary io teny io dia mahafaoka

ny Tovana rehetra amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony avy amin'

ny ANGEF ;

(e) "CRO" dia ny Komitim-paritra momba ny Fanoritan-dalana ;

(f) "DGE" dia ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Tontolo Iainana, Foibem-pitondrana Ankapobe ao amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Rano sy Ala ;

(g) "DGEF" dia Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Rano sy Ala, Foibem-pitondrana Ankapobe ao amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Rano sy Ala ;

(h) "EIE" dia fandinihana ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana ;

(i) "Sokajy Ifanarahana" dia ny Sokajy (1) ka hatramin'ny (6) tanisaina ao amin'ny tabilao ao amin'ny Fizarana A.1 ao amin'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao ;

(j) "Fandaniana Ifanarahana" dia ny fandaniana momba ny kojakoja sy asa ary fisahanan'asa takian'ny Tetikasa, ary koa ny habetsahan'izay rehetra fanampiana ny FAPB hatao araka ny Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony amin'ny FAPB, sy ho vatsiam-bola amin'ny habetsahan'ny Fanomezana omena ireo sokajy nifanarahana

(k) "Planina momba ny Fanombanana sy Fitantanana ny Tontolo Iainana" na "PE/PGE" dia ny Planina momba ny Fanombanana sy ny Fitantanana ny Tontolo Iainana, tamin'ny 24 novambra 2003, navoakan'ny Mpisitraka, izay mamonona famakafakana araka ny tokony ho izy izay rehetra mety ho fiantraikany eo amin'ny fe-piainana sy eo amin'ny fiaraha-monina mifamatotra amin'ny Fandaharanasa, ka ao anatin'izany ny fanombanana hanatsarana

ny politika, ny endriny amin'ny lafiny andrim-pitondrana, sy fitsarana ary didy aman-pitsipika mifehy ny isanisany amin'izay ao anatin'ny Tetikasa, ny famakafakana izay mety ho fiantraikany tsy ahitan-tombony eo amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana, ary ny lisitry ny fanamarinana ny fepetra noeritretina hamerana na hanalefahana izany fiantraikany tsy ahitan-tombony izany ;

(l) "Tatitra momba ny Fizohina ny Fitantanam-bola" na "RSF" dia ny tatitra nomanina araka ny sokajy 4.02 (a) amin'izao Fifanarahana izao ;

(m) "Taom-piasana ara-ketra" dia ny taom-piasana ara-ketra zakain'ny Mpisitraka izay manomboka ny 01 janoary amin'ny taona diavina rehetra ka mifarana ny 31 desambra amin'io taona io ihany ;

(n) "FAPB" dia Antokon-draharaha momba ny Faritra Arovana sy ny Fahasamihafan'ny fe-piainana izay hatsangana araka ny paragrafy 9 amin'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao sy araka ny lalàna ao amin'ny Mpisitraka ;

(o) "Fifanarahana Famenony momba ny FAPB" dia ny fifanarahana notsiahivina ao amin'ny sokajy 3.03 (c) amin'izao Fifanarahana izao, ka ifanarahana fa azo anaovana izay mety ho soso-panovana izany, ary io teny io dia mahafaoka ny tovana rehetra amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana Famenony avy amin'ny FAPB.

(p) "FEM" dia Tahiry ho amin'ny Tontolo Iainana eran-tany ;

(q) "PDPA" dia Planina momba ny Fampanandrosoana ny Mponina teratany izay tsiahivina ao amin'ny paragrafy 7 amin'ny tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao ;

(r) "MECIE" dia Fampifaneranana ny Fampiasam-bola hamokarana amin'ny Tontolo Iainana, ny paika arahina amin'ny fampiasana ny lalàna mikasika ny EIEs, araka izay nolaniana tao anatin'ny Didim-panjakana laharana faha-99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 ;



(s) "MinEnvEF" dia manondro ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana, ny Rano sy ala ;

(t) "PNAE" dia ny Planina eto amin'ny Firenena momba ny Asa mikasika ny Tontolo iainana ataon'ny Mpisitraka ;

(u) "ONG" dia Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana ;

(v) "ONE" dia antokon-draharaham-pirenena momba ny Tontolo iainana, antokon-draharaha mahatapa-tena natsangana araka ny didim-panjakana laharana faha-95-607 tamin'ny 10 septambra 1995 novàn'ny didim-panjakana laharana faha-96-669 tamin'ny 23 jolay 1996

(w)"Fifanarahana Famenony mikasika ny ONE" dia ny fifanarahana izay tsiahivina ao amin'ny Sokajy 3.03 (d) amin'izao Fifanarahana izao, ka ifanarahana fa azo anaovana izay mety ho soso-panovana, ary io teny io dia mahafaoka ny Tovana rehetra amin'ny Fifanarahana Famenony mikasika ny ONE ;

(x)"OSF" dia Toeram-pandinihana ny Sehatra momba ny ala, rafitra mahatapa-tena natsangana araka ny didim-pitondrana nataon'ny minisitera laharana faha-12703/2000 tamin'ny 20 novambra 2000 novan'ny didim-pitondrana nataon'ny minisitera laharana faha-6682/2001 tamin'ny 19 jona 2001 ;

(y) "Vondrona" dia ny Vondrona Fanohanana ny Fampiasana ny Tetikasa izay tsiahivina ao amin'ny paragrafy 1 (a) (iii) amin'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao ;

(z) "Sehatry ny Fizotry ny asa" na "CP" dia ny sehatry ny Fizotry ny asa, tamin'ny 24 novambra 2003, nampahafantaran'ny Mpisitraka sy besinimaro, ka manoritsoritra ny fandaharana ny asa, sy fepetra ary politika noheverina hisorohana sy hanamaivanana izay rehetra fiantraikany mitera-pahasimbana na fahavoazana ho an'ny PAP vokatry ny Tetikasa na, raha toa izany fiantraikany mitera-pahasimbana na izany fahavoazana izany ka tsy azo hialana mihitsy, mikarakara ny fanomezana onitra ireo PAP, araka izay mety ho sahaza ;

(aa)"Drafitr'asa ao amin'ny Sehatry ny Fizotry ny asa" na "PACP" dia ny Drafitr'asa ao amin'ny Sehatry ny Fizotry ny asa izay tsiahivina ao amin'ny paragrafy 8 amin'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao ;

(bb) "Kaontin'ny Tetikasa" dia ny kaontin'ny Tetikasa izay tsiahivina ao amin'ny sokajy 3.05(a) amin'izao Fifanarahana izao ;

(cc) "olona voakasiky ny Tetikasa" na "PAP" dia izay rehetra olona na vondron'olona manana na mipetraka amin'ny tany, trano na fananana hafa na rafitr'asa voakasiky ny Tetikasa ka mety hisy fahasimbana, na izay rehetra olona na vondron'olona ka voakasika ary mety hisy fahasimbana vokatry ny Tetikasa ny antom-pivelomany, ny fanjarinasa, ny asa na raharaha hafa, ka, noho izany, ambara fa ifanarahana omena onitra na fanampiana hafa ao anatin'ny CP na PDPA, araka ny fisehoan-javatra;

(dd) "Bokim-paikady mirakitra ny Fanatanterahana ny Tetikasa" dia bokim-paikady momba ny fanatanterahana ny tetikasa nanaovana tsiahy ao amin'ny paragrafy 3(a) amin'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao, ka ifanarahana fa azo anaovana izay mety ho soso-panovana, ary io teny io dia mahakasika ny Tovana rehetra amin'ny Bokim-paikady mirakitra ny Fanatanterahana ny Tetikasa ;

(ee)"Vatsim-bola ho Fanomanana ny Tetikasa" dia ny vatsimbola ho fanomanana ny tetikasa nomen'ny Fikambanana ny Mpisitraka araka ny taratasy fanekena natao sonia ny 12 mey 2003 amin'ny anaran'ny Fikambanana ka nasian'ny Mpisitraka tovan-tsonia tamin'ny 15 mey 2003 ;

(ff)"Faritra arovana" na "AP" dia velaran-tany ao anatin'ny faritra an-tanety, amorontsiraka na an-dranomasina tondroina araka izany ao anatin'ny lalàna any amin'ny Mpisitraka sy anaovana fandaharanasa momba ny fitantanana ny fikajiana ;

(gg)"Kaonty manokana" dia ny Kaonty izay tsiahivina ao amin'ny Fizarana B amin'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao.

## ANDININY II

### Ny Fanomezana

Sokajy 2.01 - Ny Fikambanana dia manaiky ny hanome hampiasain'ny Mpisitraka, araka ny fombafomba voalaza na nanaovana tsiahy amin'izao Fifanarahana izao, vola mitetinà, amin'ny vola vahiny samihafa, eo amin'ny valo hetsy sy enina amby roapolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (26.800.000 DTs).

Sokajy 2.02 (a) Ny volan'ny Fanomezana dia azo sintonina ao amin'ny Kaontin'ny Fanomezana araka ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao ho an'ny fandania natao (na, raha toa ka eken'ny Fikambanana, hatao) noho ny sara azo ekena mikasika ny kojakoja, asa sy fisahanan'asa takian'ny fanatanterahana ny Tetikasa voasoritra ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao, ary koa ny habetsahan'ny fanampiana ny FAPB tsy maintsy atao araka ny Fifanarahana Famenony ho an'ny FAPB, sy ho vatsiana amin'ny volan'ny Fanomezana.

(b) ao anatin'ny fe-potoana faran'izay haingana indrindra manaraka ny vaninandro mampanan-kery izany, ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisitraka, dia misintona ao amin'ny Kaontin'ny Fanomezana sy mandrotsaka ho azy ny vola takiana ho fanonerana ny tena habetsahan'ny Vatsim-bola ho Fanomanana ny Tetikasa nosintonina nefa mbola tsy voaonitra amin'io vaninandro io, sy manefa ny sara rehetra mbola tsy voaloha vola mifandraika amin'izany. Ny ambin'ny vola nekena avy amin'ny vatsim-bola ho Fanomanana ny Tetikasa tsy nosintonina dia foanana avy eo.

Sokajy 2.03 (a) ny Mpisitraka dia mandrotsaka amin'ny Fikambanana saram-panefana amin'ny tena habetsahan'ny Fanomezana tsy nosintonina amin'ny tatao izay feran'ny Fikambanana manomboka ny 30 jona isan-taona, nefa tsy tokony hihoatra ny tatao antsasaky ny iray isan-jato ( $1/2$  amin'ny 1%) isan-taona.

(b) ny saram-panefana dia mihatra : (i) manomboka ny vaninandro tafiditra ao anatin'ny enimpolo andro manaraka ny vaninandro entin'izao Fifanarahana izao (vaninandro fampiharana) ka hatramin'ireo vaninandro samihafa izay nisintonan'ny Mpisitraka vola avy tamin'ny Kaontin'ny Fanomezana na nanafoanana izany ; sy (ii) amin'ny tatao ferana manomboka ny 30 jona mialoha avy hatrany vaninandro ampiharana na tatao hafa rehetra arakaraka izay azo ferana aty aoriana araka ny voalazan'ny paragrafy (a) etsy ambony. Ny tatao noferana manomboka ny 30 jona isan-taona dia tsy maintsy ampiharina manomboka ny vaninandro manaraka fandrotsaham-bola voasoritra manokana ao amin'ny sokajy 2.04 amin'izao Fifanarahana izao.

(c) ny saram-panefana dia arotsaka : (i) any amin'ny toerana izay azon'ny Fikambanana angatahana ara-dalàna ; (ii) tsy misy mihitsy fepetra famerana na toy inona na toy inona karazany avy amin'ny Mpisitraka, na ao amin'ny taniny ; ary (iii) amin'ny vola dollars des Etats-Unis na amin'ny vola hafa rehetra ifanarahana azo tondroina na isafidianana araka ny fepetra voalazan'ny sokajy 4.02 amin'ny Fepetra ankapobe.

Sokajy 2.04 Ny saram-panefana dia azo aloa isaky ny enimbolana ka ny 15 marsa sy ny 15 septambra isan-taona.

Sokajy 2.05 Ny vaninandro Famaranana dia ferana ho 31 desambra 2009 na amin'ny vaninandro hafa aty aoriana izay feran'ny Fikambanana ao anatin'ny fepotoana faran'izay haingana indrindra sy hampahafantariny ny Mpisitraka.

### ANDININY III

#### Fanatanterahana ny Tetikasa

Sokajy 3.01 (a) ny Mpisitraka dia manambara ny fanekeny ny zava-kendren'ny Tetikasa araka izay voalaza ao amin'ny Tovana 2 amin'izao Fifanarahana izao sy, araka izany, manatanteraka ny Tetikasa amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Rano sy Ala amim-pahamalinana sy amim-pahombiazana ary mifanaraka amin'ny fomba fiasa ara-teknika sy ara-panjakana ary ara-pitantanam-bola manokana, ka tandroana amin'izany ny fijerena ny Tontolo Iainana sy ny Tontolon'ny zava-boary, ary mamonona, arakaraka izay ilaina izany, ny vola, fanorenana sy fisahanan-draharaha ary ny loharanon-karena hafa takian'ny Tetikasa

(b) tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny paragrafy (a) amin'izao Sokajy izao sy afa-tsy raha hoe misy fifanarahana mifanohitra amin'zany ifanaovan'ny Fikambanana sy ny Mpisitraka, ny Mpisitraka dia manatontosa ny Tetikasa araka ny fandaharana ny fanatanterahana hita ao amin'ny Tovana 4 amin'izao Fifanarahana izao sy ao amin'ny PE/PGE

Sokajy\_3.02 ny Mpisitraka dia mametraka sy mitana, aty aoriana, Masoivoho manokana momba ny fitantanana ny rano sy ala, antsoina hoe Masoivoho eto amin'ny Firenena momba ny Fitantanana ny Rano sy Ala (ANGEF) ka ny fepotoana iasany, ny teny fitsiahy ary ny firafitra dia heverin'ny Fikambanana fa azo ekena. Ny ANGEF dia ho tompon'andraikitra amin'ny endrika rehetra isehoan'ny asa momba ny fikajiana sy ny fitantanana maharitra ny loharanon-karena momba ny Rano sy Ala.

Sokajy 3.03 (a) Raha vantany vao voapetraka ny ANGEF, ny Mpisitraka, araka ny voalazan'ny Fizarana A amin'ny Tetikasa, dia mamindra amin'ny ANGEF, ho

toy ny fanomezana, ampahan'ny habetsahan'ny Fanomezana nomena araka ny Fizarana A amin'ny Tetikasa, ao anatin'ny fifanarahana famenony (ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGEF) ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny ANGEF araka ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa azo ekena ;

(b) araka ny voalaza ao amin'ny Fizarana B.1 ka hatramin'y Fizarana B.4 amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka dia mamindra amin'ny ANGAP, ho toy ny fanomezana, ny ampahany amin'ny habetsahan'ny Fanomezana nomena ho an'ny Fizarana B.1 ka hatramin'ny Fizarana B.4 amin'ny Tetikasa, ao anatin'ny fifanarahana famenony (ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGAP) ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny ANGAP araka ny fombafomba heverina Fikambanana azo ekena;

(c) Araka ny voalaza ao amin'ny fizarana B.5 amin'ny Tetikasa ny mpisitraka dia mamindra amin'ny FAPB, ho toy ny fanomezana, ny ampahany amin'ny habetsahan'ny Fanomezana nomena ho an'ny Sokajy (6) ao amin'ny tabilao ao amin'ny Fizarana A.1 amin'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao, ao anatin'ny fifanarahana famenony (ny Fifanarahana Famenony momba ny FAPB) izay ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny FAPB araka ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa azo ekena.

(d) Araka ny voalazan'ny Fizarana C.1 sy C.3 amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka dia mamindra amin'ny ONE, ho toy ny fanomezana, ny ampahan'ny habetsahan'ny Fanomezana nomena ho an'ny Fizarana C.1 sy C.3 amin'ny Tetikasa, ao anatin'ny Fifanarahana famenony (ny Fifanarahana Famenony momba ny ONE) izay ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny ONE araka ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa azo ekena.

(e) Ny Mpisitraka dia mampiasa ny zony ao anatin'ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGEF, ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGAP, ny Fifanarahana Famenony momba ny FAPB, ny Fifanarahana Famenony momba ny ONE mba hiarovana ny tombontsoan'ny Mpisitraka sy ny Fikambanana sy hanatanterahana ny tanjona kendren'ny tsirairay amin'ireo Fifanarahana Famenony ireo avy, afa-tsy raha hoe misy fifanarahana mifanohitra amin'izany ifanaovan'ny Mpisitraka sy ny Fikambanana, ny Mpisitraka dia tsy tokony hamoy, hanao soso-panovana, hanafoana na hitsipaka ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGEF, ny Fifanarahana Famenony momba ny ANGAP, ny Fifanarahana Famenony momba ny FAPB na ny Fifanarahana Famenony momba ny ONE, na izay rehetra fepetra mifandraika amin'izany

Sokajy 3.04 Afa-tsy raha hoe misy fanekena hafa nataon'ny Fikambanana, ny

fandraiketana fifampiraharham-barotra momba ny Kojakoja, asa ary fisahanan'asa ataonà mpanoro-hevitra ilaina amin'ny Tetikasa sy vatsiam-bola avy amin'ny volan'ny Fanomezana dia aroso hofeheziny fepetra voalazan'ny tovana 3 amin'izao Fifanarahana izao.

Sokajy 3.05 Tsy tohinina ny adidy aman'andraikitra iantsorohany ao anatin'ny Sokajy 3.01 amin'ny Fifanarahana, ny Mpisitraka dia :

(a) dia mitazona any amin'ny Banky momba ny varotra sy araka ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa mahafapo azy, kaonty iray momba ny Tetikasa amin'ny Irambilanja na Ariary (tondroina manaraka etoana hoe Kaontin'ny Tetikasa) , tantanan'ny Vondrona, izay ametrhany tsikelikely ny fandraisana anjara amin'ny setri-bidin'ny Tetikasa eto an-toerana.

(b) mametraka ao amin'ny Kaontin'ny Tetikasa vatsiam-bola any am-boalohany, mitetinà eo amin'ny \$ 500 000, ary, aty aoriana, dia mamerina ny Kaontin'ny Tetikasa ho isaky ny telo volana, ary isak'izay midina ambany na mitovy amin'ny am-pahatelon'ny habetsahan'ny vatsim-bola niaingana ny vola sisa tavela ao amin'io Kaonty io.

(c) miahy fa ny vola napetraka ao amin'ny Kaontin'ny Tetikasa dia ampiasaina manokana ihany amin'ny fanefana ny fandaniana natao tao anatin'ny fanatanterahana ny Tetikasa izay tsy vatsiana avy amin'ny volan'ny Fanomezana.

Sokajy 3.06\_ araka ny voalazan'ny Sokajy 9.06 amin'ny Fepetra Ankapobe ary tsy tohinina ireo fepetra ireo, ny Mpisitraka dia :

manomana, miainga amin'ny toromarika heverin'ny Fikambanana fa azo ekena sy mamonona ho an'ny Fikambanana, ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny enim-bolana aorian'ny Vaninandro Famaranana na amin'ny vaninandro hafa aty aoriana izay azon'ny Mpisitraka sy ny Fikambanana ifanarahana hanaovana izany, planina noheverina hisahanana ny fanohizana ny zava-kinendrin'ny Tetikasa ; ary

(b) manome ny Fikambanana fotoana araka izay mahamety izany fifanakalozan-kevitra amin'ny Mpisitraka ny amin'izany planina izany

#### ANDININY IV

Famarafarana momba ny fitantanam-bola

Sokajy 4.01 (a) ny Mpisitraka, dia mametraka sy mitahiry drafitra momba ny fitantanam-bola izay ahitana ny soratra sy ny Kaonty, sy manomana ny famelabelarana ny fitantanam-bola, araka ny fenitra momba ny fitanan-kaonty heverin'ny Fikambanana fa azo ekena sy ampiharina hatrany hatrany, ahafahana mapiseho ny asany, ny loharanom-bolany ary ny fandinihana mikasika ny Tetikasa.

(b) ny Mpisitraka dia :

(i) mampanao fanamarinana ny famelabelarana ny fitantanam-bola voalaza ao amin'ny paragrafy (a) amin'izao Sokajy izao ho an'ny Taom-piasana ara-ketra tsirairay (na fe-potoana hafa ifanarahana amin'ny Fikambanana), araka ny fenitra fanaovana fanaraha-maso heverin'ny Fikambanana fa azo ekena sy ampiharina hatrany hatrany, fanamarinana ataon'nyreo mpanao fanaraha-maso tsy miankina heverin'ny Fikambanana fa azo ekena ;

(ii) manome ny Fikambanana, ao anatin'ny fe-potoana faran'izay haingana indrindra, nefa na manao ahoana na manao ahoana enina (6) volana raha ela indrindra aorian'ny fifaranan'ny Taom-piasana ara-ketra tsirairay voalaza etsy ambony (na izay rehetra fe-potoana hafa ifanarahana amin'ny Fikambanana), (A) Kopia voamarina fa mitovy amin'ny famelabelarana ny fitantanam-bola voalaza ao amin'ny paragrafy (a) amin'izao Sokajy izao ho an'ity taom-piasana ity ( na fe-potoana hafa ifanarahana amin'ny Fikambanana) voamarina araka izany, sy (B) ny hevitr'ireo mpanao fanaraha-maso ireo ny amin'ireo famelabelarana ny fitantanam-bola ireo, ka ny fiantraikany sy ny fitanisana ny antsipiriany dia heverin'ny Fikambanana fa maha-afa-po ; ary

(iii) manome ny Fikambanana ny zavatra tian-ko fantatra hafa rehetra mikasika ireo soratra sy kaonty ireo, sy ny fanaraha-maso momba ny famelabelarana ny fitantanam-bola ary koa ireo mpanao fanaraha-maso, ka azon'ny Fikambanana angatahana ara-dalàna.

(c) Hoan'ireo fandaniahana rehetra voakasika izay nanaovana fisintonam-bola tamin'ny Kaontin'ny Fanomezana miainga amin'ny tatitra voalaza ao amin'ny Fizarana A.5 amin'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao ( Fisintonam-bola miainga amin'ny Tatitra) na miainga amin'ny fitanisana ny fandaniahana, ny Mpisitraka dia :

(i) miantoka fa ny soratra rehetra (fifanekena, fanafarana entana, taratasy filazambidy, tenimidina, tapa-kila sy singa-taratasy hafa) manamarina izany fandania izany dia tehirizina hatramin'ny herintaona ahay aorian'ny nandraisan'ny Fikambanana ny tatitra momba ny fanaraha-maso ho an'ny Taom-piasana ara-ketra izay nanaovana fisintonam-bola farany tamin'ny Kaontin'ny Fanomezana na mahakasika izany ; sy

(ii) mamela ny solontena avy amin'ny Fikambanana handinika izany soratra izany ; sy

(iii) manao izay ahatafidiran'izany tatitra izany sy ny fitanisana ny fandaniam-bola ao amin'ny fanaraha-maso izay nangatahin'ny Fikambanana araka ny voalazan'ny paragrafy (b) amin'ity sokajy ity.

(d) Araka ny Fizarana B.1 hatramin'ny B.4 sy c.1 ary C. 3 amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka dia manao izay ananganana sy hitehirizan'ny ANGAP sy ny ONE avy, drafitra fitantanam-bola izay misy ny boky fitànan-kaonty sy kaonty, sy manomana ny toe-bola araka ny fenitra fitànan-kaonty momba ny fanaraha-maso azo eken'ny Fikambanana ary azo ampiharina araka ny tokony ho izy, ahafahana manao tatitra ny asany, ny volany ary ny fandania mikasika ny Tetikasa

(e) Raha vantany vao voapetraka ny ANGEF sy ny FAPB, ny Mpisitraka, amin'ny fiafaran'ny Fizarana A sy B.5 amin'ny Tetikasa, dia manao izay ananganana sy hitehirizan'ny ANGEF sy ny FAPB avy, rafitra fitantanam-bola izay misy ny boky fitànan-kaonty sy kaonty, sy manomana ny toe-bola araka ny fenitra fitànan-kaonty momba ny fanaraha-maso azo eken'ny Fikambanana ary azo ampiharina araka ny tokony ho izy, ahafahana manao tatitra ny asany, ny volany ary ny fandania mikasika ny Tetikasa.

(f) Ny Mpisitraka dia manao izay ahafahan'ny ANGAP sy ny ONE, ary, araka ny toe-java-misy, ny FAPB sy ny ANGEF :

manamarina ny toe-bola avy voalaza ao amin'ny paragrafy (d) sy (e) amin'ity Sokajy ity ho an'ny taom-piasana ara-ketra tsirairay avy (na vanim-potoana hafa mety amin'ny Fikambanana), araka ny fenitra fitànan-kaonty momba ny fanaraha-maso azo eken'ny Fikambanana ary azo ampiharina araka ny tokony ho izy, ireo mpanao fanaraha-maso tsy miankina eken'ny Fikambanana.

manome ny Fikambanana, ao anatin'ny fe-potoana araka izay haingana indrindra, nefa amin'ny tranga rehetra enim-bolana (6) farafahatarany aorian'ny fiafaran'ny



taom-piasana ara-ketra voalaza (na vanim-potoana hafa mety amin'ny Fikambanana),(A) dika mitovy voamarina ny toe-bola voalaza ao amin'ny paragrafy (d) sy (e) amin'ity Sokajy ity ho an'io taom-piasana io (na vanim-potoana hafa mety amin'ny Fikambanana), sy (B) hevitra mikasika ireo toe-bola voalaza ireo avy amin'ireo mpanao fanaraha-maso ireo, ka ny fiatraikany sy ny ambaratongan'ny antsimpiriany dia ekena fa ampy ho an'ny Fikambanana, ary

manome ny Fikambanana fanampin-kevitra hafa mikasika ireo boky fitànan-kaonty sy kaonty voalaza ireo, sy ny fanaraha-mason'ireo toe-bola voalaza ireo, ary koa ny mpanao fanaraha-maso, izay nagatahan'ny Fikambanana ara-dalàna.

Sokajy 4.02. (a) : Ny Mpisitraka dia manomana sy mandroso ho an'ny Fikambanana ny tatitra momba ny fizohina ny fitantanam-bola, ka ny fomba arahina sy ny votoatiny dia ekena fa ampy ho an'ny Fikambanana, izay tatitra :

maneho ny loharano nihaviany sy ny fampiasana ny tahiry momba ny Tetikasa, na mifanindry amin'ny vanim-potoana maharakotra io tatitra io, manondro misaraka ny tahiry nekena eo amin'ny Fanomezana, ary manazava ny elanelana misy eo amin'ny tena fampiasana sy vinavinan'io tahiry io :

manondro ny firosoana ara-pitaovana ny fanatanterahana ny Tetikasa, indray miaraka, amin'ny fomba mifanindry sy amin'ny vaninandro maharakotra io tatitra io, na mifanindry amin'ny vanim-potoana maharakotra io tatitra io, manondro misaraka ny tahiry nekena eo amin'ny Fanomezana, ary manazava ny elanelana misy eo amin'ny fepetra fanatanterahana ny Tetikasa noheritreretina sy tanteraka, ary

maneho ny toetry ny firosoan'ny fandraiketana fifampiraharaha-barotra momba ny Tetikasa, amin'ny fiafaran'ny vanim-potoana maharakotra io tatitra io

(b) Ny RSF voalohany dia ampahafantarina ny Fikambanana farafahatarany 45 andro aorian'ny fiafaran'ny telo volana voalohany amin'ny taom-piasana manaraka ny vaninandro nampanan-kery, ary maharakotra ny vanim-potoana tafiditra eo anelanelan'ny fanatanterahana ny fandanium-bola eo amin'ny Tetikasa sy ny fiafaran'ny telo volana voalohany amin'ny taom-piasana ; manaraka izany, ny RSF tsirairay dia ampahafantarina ny Fikambanana farafahatarany 45 andro aorian'ny fiafaran'ny isaky ny telo volana iasana sy maharakotra io telovolana iasana io

## ANDININY V

### Fampakaran-draharaha ataon'ny Fikambanana

Sokajy 5.01 Ho fampiharana ny Sokajy 6. 02 (1) amin'ny fepetra Ankapobe, ireto toe-java misy manaraka ireto dia soritana manokana ihany koa :

- (a) ny toe-java-miseho izay nahatonga ny tsy nahatanteraka ny fandaharanasa ny ampahany amin'ny votoatin'io fandaharanasa io ;
- (b) ny Fifanarahana momba ny Fanomezana avy amin'ny Tahirim-bolan'ny FEM, na hafa amin'ireo Fifanarahana momba ny Fanomezana avy amin'ny Mpamatsy vola ; izay tsy nampanan-kery hatramin'izao ka hatramin'ny 31 desambra 2004 ;na vaninandro hafa hifanarahana amin'ny Fikambanana; ifanarahana kosa anefa fa ny fepetra amin'ity paragrafy ity dia tsy mihatra raha toa ka ny Mpisitraka dia manao ho fanomezana fahafaham-po ny Fikambanana fa ny tahiry mifanaraka amin'ny Tetikasa dia azon'ny Mpisitraka ampiasaina ao amin'ny loharanom-bola hafa araka ny fepetra ahafahany manaja ny adidy aman'andraikitra izay zakainy amin'ity Fifanarahana ity
- (c) ny ANGAP, ny FAPB, ny ONE na ny ANGEF dia tsy nahavita ny iray amin'ireo andraikiny eo amin'ny sehatry ny Fifanarahana famenon'ny ANGAP, ny Fifanarahana famenon'ny FAPB, ny Fifanarahana famenon'ny ONE na ny Fifanarahana famenon'ny ANGEF, araka ny toe-javatra misy ;
- (d) Ny satan'ny FAPB dia nasiana soso-panovana, nahantona na nofoanana ka mety hiteram-pahavoazana lehibe amin'ny fahafaha-miasan'ny FAPB hanatanteraka ny adidy aman'andraikiny na inona na inona karazany amin'izany, na ny asa rehetra izay noraisina ho fandravana, ho fanakorontanana na ho fampihantoana ny lahasa
- (e) (i) Na dia eo aza ny zana-paragrafy (ii) amin'ity paragrafy ity, ny zon'ny Mpisitraka hisintona ny vola avy amin'ny Fanomezana ao amin'ny Tahirim-bolan'ny FEM na hafa amin'ireo fanomezana avy amin'ny Mpamatsy vola hafa dia nomena ny Mpisitraka ho famatsiam-bola ny Tetikasa izay nahantona, nofoanana na nofanana tanteraka na ampahany ihany araka ny teny voalaza ao amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana avy amin'ny Tahirim-bolan'ny FEM na hafa amin'ireo fanomezana avy amin'ny Mpamatsy vola hafa nanampy tamin'izany.
- (ii) Ny zana-paragrafy (i) amin'ity paragrafy ity dia tsy mihatra raha toa ka ny

Mpisitraka dia manao ho fanomezana fahafaham-po ny fikambanana fa : (A) io fampihantonana io, fanafoanana na fanapahana dia tsy miankina amin'ny fitsoahan'ny Mpisitraka amin'ny iray amin'ireo adidy aman'andraikitra zakainy araka ity Fifanarahana ity, ary (B) afaka mahazo avy amin'ny loharanom-bola hafa tahiry ampy hanatanterahana ny tetikasa araka ny fepetra ahafahany manaja ny adidy aman'andraikitra zakainy araka ny voalazan'izao fifanarahana izao.

Sokajy 5.02 Araka ny Sokajy 7.01(h) amin'ny Fepetra Ankapobe, ny zava-misy fanampiny manaraka etoana dia faritana manokana, indrindra fa ny iray amin'ireo zava-misy voafaritra manokana ao amin'ny paragrafy (c) amin'ny Sokajy 5.01 amin'ity Fifanarahana ity dia miseho sy mbola mitohy miseho hatrany mandritra ny fe-potoana enimpolo (60) andro aorian'ny nampahafantaran'ny Fikambanana ny zava-misy tamin'ny Mpisitraka.

## ANDININY VI

Vaninandro mampanan-kery, fahataperany

Sokajy 6.01 : Ny zava-misy manaraka etoana dia faritana manokana amin'ny maha fepetra mampanan-kery ity Fifanarahana ity amin'ny hevitra voalazan'ny Sokajy 12.01 (b) amin'ny Fepetra Ankapobe.

Ny Kaontin'ny Tetikasa dia nosokafana ara-dalàna ary ny tentin'ny vatsim-bola tany amboalohany dia napetraka amin'io kaonty io araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Sokajy 3.05 (b) amin'ity Fifanarahana ity ;

(b) Ny Fifanarahana famenony ataon'ny ANGAP sy ny Fifanarahana famenony ataon'ny ONE dia notanterahina ara-dalàna, nomen-dàlana na nankatoavin'ny andaniny sy ny ankilany avy ary azo ekena fa araka ny lalàna ho an'ny andaniny sy ny ankilany araka ny tenin'izy ireo avy.

(c) Ny Mpisitraka dia mametraka rafitra fitantanam-bola ekena fa mety amin'ny Fikambanana, araka ny Sokajy 4.01 (a) sy (d) amin'ity Fifanarahana ity

Sokajy 6.02 Ny zava-misy manaraka etoana dia faritana manokana ho toy ny zava-misy fanampiny, amin'ny hevitra ny Sokajy 12.02 (c) amin'ny Fepetra Ankapobe ary tafiditra amin'ny hevitra na ny hevitra maromaro izay tokony aroso amin'ny

Fikambanana, indrindra ny Fifanarahana fanampiny ataon'ny ANGAP sy ny Fifanarahana fanampiny ataon'ny ONE izay notanterahina ara-dalàna, nomen-dalàna na nakatoavin'ny andaniny sy ny ankilany avy amin'ireo Fifanarahana ireo, ary tsy maintsy arahina araka ny lalàna ho an'ny andaniny sy ny ankilany araka ny tenin'izy ireo avy.

Sokajy 6.03 Ny vaninandro tafiditra ao anatin'ny sivifolo (90) andro aorian'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana ity dia faritana manokana amin'ny alalan'ny fepetra ho fampiharana ny Sokajy 12.04 amin'ny Fepetra Ankapobe

## ANDININY VII

Solontenan'ny Mpisitraka ; Adiresy

Sokajy 7.01 : Ny Minisitry ny Fitantanam-bolan'ny Mpisitraka no solontenan'ny Mpisitraka ho fampiharana ny Sokajy 11.03 ny Fepetra Ankapobe

Sokajy 7.02 : Ny adiresy manaraka etoana dia faritana manokana ho an'ny Sokajy 11.01 ny fepetra Ankapobe

Ho an'ny Mpisitraka :

Minisiteran'ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola

BP 61

Antananarivo 101

Madagasikara

Adiresy « Télégraphique » :

Télécopie

MEFB

(261) 20.22.345.30

Antananarivo

Ho an'ny Fikambanana :  
International Développement Association

1818 H Street, N. W

Washington, D.C 20433

United States Of America

Adiresy « télégraphique

Télex

Télécopie

INDEVAS  
Washington, D.C

248423 (MCI)  
64145 (MCI)

(202) 477 6391

NOHO IZANY, no hampanaovana sonia ity Fifanarahana ity amin'ny anarany avy tamin'ny\_\_\_\_\_, ny andro sy taona voalaza etsy ambony, ny andaniny sy ny ankilany voalaza amin'ity Fifanarahana ity, natao tamin'ny alalan'ireo Solontenany nomem-pahefana amin'izay

NY REPOBLIKAN'NY MADAGASIKARA

Avy amin'ny

Ny Solontena nomem-pahefana

NY FIKAMBANANA  
FAMPANDROSOANA

IRAISAM-PIRENENA

MOMBA

NY

Avy amin'ny

Ny Solontena nomem-pahefana

Tovana 1

Fisarihana ny Tahiry momba ny Fanomezana

A Ankapobeny

Ny tabilao eo ambany dia manondro ny Sokajy momba ny fandaniahana izay tokony hovatsiam-bola amin'ny alalan'ny Fanomezana, ny fanokanana ny habetsahan'ny vola fanomezana isaky ny Sokajy ary ny isan-jaton'ny fandaniahana eo amin'ny fandaniahana ka ny famatsiam-bola dia nomena alàlana isaky ny Sokajy

Sokajy	Habetsahan'ny fanomezana (atao mitovy amin'ny DTS)	vola amin'ny	% n'ny hovatsiam-bola	fandaniahana
(1) Asa	7,810 , 000		100% n'ny	fandaniahana amin'ny vola vahiny 80% n'ny fandaniahana amin'ny vola eto an-toerana
(2) Fananana	3,350,000		100% n'ny	fandaniahana amin'ny vola vahiny 80% n'ny fandaniahana amin'ny vola eto an-toerana
(3) Asa ataon'ny mpanoro hevitra sy mpanamarina	2,980,000		85% n'ny	fandaniahana amin'ny vola vahiny 75% n'ny fandaniahana amin'ny vola eto an-toerana
(4) Fanofanana	1,450,000		100%	

(5) Loloham-pihariana	3,560,000	80%
(6) Fanomezana ho an'ny FAPB		100% n'ny habetsahan'ny vola fanomezana navoaka
	2 680 000	
(a) ampahany	2 340 000	
voalohany		
(b) ampahany		
faharoa		
(7) Fanonerana ny vatsimbola fikarakarana ny Tetibola	1,330,000	Habetsahan'ny vola voamarina araka ny Sokajy 2.02(b) amin'ity Fifanarahana ity
(8) Tsy nanaovana fanokanana	1 300 000	
<hr/>		
FITAMBARANY	26,800,000	
	<u>=====</u>	

2. Araka izao tovana izao :

ny teny « fandaniana amin'ny vola vahiny » dia manondro ny fandaniana natao amin'ny volan'ny firenana rehetra ankoatran'izay Mpisitrika ho an'ny kojakoja, ny lahasa na ny asa amin'ny faritry ny firenana rehetra ankoatran'izay Mpisitrika

ny teny « fandaniana amin'ny vola eto an-toerana » dia manondro ny fandaniana natao amin'ny volan'ny Mpisitrika na ho an'ny kojakoja, lahasa na asa nomena avy amin'ny faritry ny Mpitsirika, ary

ny teny « Loloham-pihariana » dia manondro ny fihoaram-bidin'ny loloham-pihariana ao amin'ny sehatry ny Tetikasa eo amin'ny karaman'ny mpiasa vita fanekena eo an-toerana momba ny fanohanana, ny loloha ara-tsosialy, ny saram-pivezivezena ary sara hafa mifandroy amin'izany ; ny fampanofana sy ny fikojakojana ny fitaovana, ny fitrandrahana, ny fikojakojana sy ny fanamboarana ny fiarakodia, ny saram-panofana sy fikojakojana ny birao, ny kojakoja ilaina any amin'ny birao, ny asa heverina fa ahitan'ny vahoaka tombotsoa, ny saram-pifandraisana ; ary ny sara aloa any amin'ny Banky sy ny Fiantohana, nefa akoatra ny karaman'ny mpiasam-panjakana ampiasain'ny Mpisitrika



3. Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny paragrafy 1 etsy ambony, tsy misy fisarihana azo atao mikasika

ny fandoavam-bola natao ho an'ny fandaniana natao talohan'ny vaninandro entin'ity Fifanarahana ity, afa-tsy ny fisarihana mitetina farafahabetsany ny fitambarany mitovy amin'ny setri-bidin'ny DTS 2,680,000 izay afaka atao eo amin'ny fandoavam-bola natao ho an'ny fandaniana talohan'io vaninandro io, nefa aorian'ny 29 febroary 2004 ;

ny fandoavam-bola ho an'ny fandaniana eo amin'ny sehatry ny Sokajy (6) (a) ao amin'ny tabilao ao amin'ny paragrafy 1 amin'ity tovana ity ; raha tsy hoe (i) ny antokon-draharaha dia tsy nitsangana ara-dalàna ary ny zavatra takian'ny paragrafy 9 amin'ny tovana 4 amin'ity Fifanarahana ity izay tsy nanaovana fampifanarahana ; (ii) ny Fifanarahana famenony nataon'ny Antokon-draharaha dia tsy natao tsy nomen-dalana na nakatoavin'ny andaniny sy ny ankilany ara-dalàna amin'io Fifanarahana io, sy ny faneren'ny lalàna ny andaniny sy ny ankilany araka ny fiteniny avy ; ary (iii) ny mpanamarina ny kaonty tsy miankina neken'ny Fikambanana izay tsy mijery ny ezaka ara-pitantanam-bolan'ny Antokon-draharaha ho an'ny vanim-potoana farafakeliny herintaona manaraka ny fanombohana ny asany sy mamonona ny hevitra tsy voafetra amin'izany

ny fandoavam-bola ho an'ny fandaniana eo amin'ny sehatry ny Sokajy (6) (b) amin'ny tabilao ao amin'ny paragrafy 1 amin'ity tovana ity ; raha tsy hoe (i) ny asa manokana ao anatin'ny zana-paragrafy (b) amin'io paragrafy io izay tsy feno, sy ny habetsan'ny vola amin'ny ampahany voalohany izay tsy navoaka araka izany ; ary (ii) ny fandraisana anjara miaraka nataon'ny Antokon-draharaha, ankoatra ny fandraisana anjara natao ivelan'ny habetsahan'ny vola fanomezana na tahiry hafa nomen'ny Fikambanana izay tsy mahatratra ny fitambaran'ny 15 000 000 dolara amerikana

4. Ny Fikambanana dia afaka mangataka fa ny fisarihana amin'ny Kaontin'ny Fanomezana dia atao mifototra amin'ny alalan'ny fitanisana ny fandaniana mba hanefana (a) ny fandoavana ny kojakoja sy asa nifanekena misanda latsaky ny setri-bidin'ny \$ 100,000; (b) ny fandoavana ny asa ataon'ny mpanoro hevitra eo amin'ny sehatry ny fifanekena misanda latsaky ny \$ 100,000, raha toa ny birao mpanao fanadihadiana sy amin'ny setribidy \$50.000, raha toa fakan-kevitra isambatan'olona ; (c) ny fandaniana amin'ny fanofanana tsy feheziny fifanekena ; ary (d) ny andraikitra amin'ny fitrandrahana, araka ny fombafomba arahina nampahafantarina ny Fikambanana amin'ny Mpisitraka.

5 Ny Mpisitraka dia afaka mangataka fa ny fisarihana ny kaonty momba ny Fanomezana dia atao mifototra amin'ny tatitra naroso hodinihan'ny Fikambanana, izay ny vontootiny sy ny endriny dia heverina fa mahafapo ny Fikambanana ; tafiditra ao anatin'izany tatitra izany ny RSF sy izay rehetra fampahalalam-baovao nampahafantarin'ny Fikambanana amin'ny Mpisitraka (Famoaham-bola mifototra amin'ny Tatitra). Raha toa miseho ny fangatahana voalohany amin'ny endri-javatra naroso hodinihan'ny Mpisitraka alohan'ny tsy fanaovana fisariham-bola amin'ny Kaonty momba ny Fanomezana, ny Mpisitraka dia tsy mandroso hodinihan'ny Fikambanana afa-tsy ny filazalazana momba ny loharano niaviany sy ny vinavina amin'ny fampiasana ny tahirin'ny Tetikasa ho amin'ny fe-potoana enim-bolana aorian'ny vaninandro nanaovana izany fangatahana izany,

## B Kaonty Manokana

1. Ny Mpisitraka dia manokatra sy mitahiry kaonty manokana fametrahambola atao amin'ny Dollars any amin'ny banky momba ny varotra azon'ny Fikambanana ekena, araka ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa mahafa-po, anatin'izany ny fiarovana sahaza izany amin'izay rehetra fanoneram-bola na fanagiavana na izay rehetra sakantsakana.

2. Aorian'ny fahazoan'ny Fikambanana singan-taratasy manamarina ny fahafahapony fa misokatra ny Kaonty Manokana, ny fisariham-bola amin'ny kaonty momba ny Fanomezana izay tsy maintsy apetraka ao amin'ny kaonty manokana dia atao toy izao manaraka izao :

(a) Raha toa ny Mpisitraka ka tsy manao famoaham-bola mifototra amin'ny tatitra, ny fisariham-bola dia atao araka ny fepetra voalazan'ny Fanampiny A amin'izao Tovana 1 izao ; sy

(b) Raha toa ny Mpisitraka ka manao famoaham-bola mifototra amin'ny tatitra, ny fisariham-bola dia atao araka ny fepetra voalazan'ny Fanampiny B amin'izao Tovana 1 izao.

3 Ny fanefana atao amin'ny alalan'ny kaonty manokana dia natao manokana ihany hamatsiana ny Fandaniana nifanarahana. Ny Fanefana tsirairay ataon'ny Mpisitraka amin'ny alalan'ny kaonty manokana, ny Mpisitraka, amin'ny fotoana noferan'ny Fikambanana ara-dalàna, dia hanome ny Fikambanana ny antontan-taratasy sy singan-taratasy hafa manamarina fa izany fanefana izany dia natao fotsiny ihany amin'ny Fandaniana nifanarahana.

4 Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny Fizarana B.2 amin'izao Tovana izao,

ny Mpikambana dia tsy voatery hanao fametraham-bola vaovao ao amin'ny kaonty manokana :

(a) Raha toa ny fikambanana, amin'ny fotoana tsy voafaritry, mihevitra fa ny tatitra voatondro ao amin'ny Fizarana A.5 amin'izao Tovana 1 dia tsy manome marina tsara ny fampahalalam-baovao takiana amin'ny Famoaham-bola mifototra amin'ny tatitra.

(b) raha toa ny Fikambanana, amin'ny fotoana tsy voafaritry, mihevitra fa izay rehetra fisariham-bola aty aoriana amin'ny fanefana ny Fandaniana nifanarahana dia tsy maintsy ataon'ny Mpisitraka mivantana avy amin'ny kaonty momba ny Fanomezana ; na

(c) raha toa ny Mpisitraka ka tsy nanome ny Fikambanana, ao anatin'ny fe-potoana soritsoritan'ny sokajy 4.01 (b) (ii) sy (b) (ii) amin'izao Fifanarahana izao, ny iray amin'ireo tatitra momba ny fanaraha-maso tokony naroso hodinihan'ny Fikambanana araka ny voalazan'izany sokajy izany mba hanaovana fanaraha-maso : (A) ny boky fitanan-kaonty sy ny kaonty mikasika ny kaonty manokana; na (B) ny boky fitanan-kaonty sy ny kaonty nandraiketana ny vola lany izay nanaovana ny Famoaham-bola mifototra amin'ny tatitra na ny fitanisana ny vola lany, araka ny fisehoan-javatra

5 Ny Mpikambana dia tsy voatery hanao fametraham-bola vaovao ao amin'ny kaonty Manokana araka ny fepetra ao amin'ny Fizarana B.2 amin'izao Tovana izao raha toa, amin'ny fotoana rehetra, ny Fikambanana dia nampahafantatra ny Mpisitraka ny faniriany hampiantona manontolo na amin'ny ampahany ny zon'ny Mpisitraka hanao fisariham-bola avy amin'ny kaontin'ny Fanomezana araka ny fepetra ao amin'ny Sokajy 6.02 ao amin'ny Fepetra Ankapobe. Amin'ny fandraisana izany fampahafantarana izany, ny Fikambanana dia hanao, ho azy manokana ihany, raha toa azo atao ny fametraham-bola vaovao ao amin'ny kaonty manokana sy ny fomba tokony arahina amin'izany, ary nampahafantatra ny fanapaha-keviny.

6 (a) Raha toa ny Fikambanana mamaritra amin'ny fotoana iray fa ny fanefana amin'ny alalan'ny kaonty Manokana dia natao mba hanefana ny vola lany hafa noho ny Fandaniana Nifanarahana, na tsy voamarina amin'ny alalan'ny porofo nomena ny Fikambanana, ny Mpisitraka, ao anatin'ny fotoana haingana indrindra, raha vantany vao maharay ny fanehoan-kevitra avy amin'ny Fikambanana, dia manome izay rehetra singan-taratasy manamarina fanampiny izay azon'ny Fikambanana angatahina, na mametraka ao amin'ny kaonty Manokana (na, raha

toa nangataka ny fikambanana, manoritra amin'ny Fikambanana) ny vola mitovy amin'izany fanefana voalaza izany. Raha tsy hoe nanao fanapahana hafa ny Fikambanana, ny Fikambanana dia tsy manao fametraham-bola vaovao na dia iray aza ao amin'ny Kaonty Manokana raha tsy manome izany taratasy fanamarinana izany ny Fikambanana na nanao izany fametraham-bola izany na fanoneram-bola, araka ny zava-mitranga.

(b) Raha toa ny Fikambanana mihevitra amin'ny fotoana iray fa ny vola ambiny ao amin'ny kaonty Manokana dia tsy ilaina amin'ny fanaovana fanefana hafa amin'ny Fandaniana Nifanarahana mandritra ny fe-potoana enim-bolana aorian'izany fiheverana izany, ny Mpisitraka, raha vao ampahafantarin'ny Fikambanana, dia manonitra izany vola izany amin'ny Fikambanana ;

(c) Ny Mpisitraka dia afaka, amin'ny alalan'ny fampahafantarana ny Fikambanana, manonitra amin'ny Fikambanana, ny manontolo na ny ampahany amin'ny tahiry amin'ny alalànan'ny fametraham-bola ao amin'ny Kaonty Manokana ;

(d) Ny fanoneram-bola amin'ny Fikambanana natao araka ny zanaka paragrafy (a), (b) na (c) amin'izao paragrafy 6 dia arotsaka ao amin'ny kaonty momba ny Fanomezana mba ho sarihana avy eo na foanana araka ny fepetra amin'ny Fifanarahana momba ny Fanomezana.

Fanampiny A

amin'ny Tovana 1

Fampandehanana ny Kaonty Manokana

Raha toa tsy Famoaham-bola mifototra amin'ny tatitra ny Fisariham-bola

1 Arak'izao Fanampiny izao, ny teny hoe "Habetsaham-bola Nekena" dia manondro ny vola \$2,100,000 izay tokony alaina amin'ny Kaonty momba ny Fanomezana sy napetraka ao amin'ny Kaonty Manokana araka ny paragrafy 2 (a) amin'izao Fanampiny izao. Ekena anefa, raha tsy nanao fanapahana hafa ny Fikambanana ny vola nekena dia tsy mihoatra amin'ny tetiny mitovy amin'ny \$ 1,050,000, mandra-pahatrarana na mandra-pihoarana ny setri-bidy ho 2.120.000 DTS ny tetiny ankapoben'ny fisariham-bola avy amin'ny kaonty momba ny Fanomezana, miampy ny fitambaran'ny tsatoka amin'ny fanefam-bola rehetra nataon'ny Fikambanana araka ny sokajy 5.02 amin'ny Fepetra Ankapobe.

2 Ny fisarihana amin'ny Habetsaham-bola nekena sy ny fisarihana atao aoriana mba hamelomana indray ny kaonty manokana dia atao toy izao manaraka izao :

(a) Ho amin'ny fisariham-bola atao amin'ny habetsaham-bola nekena, ny Mpisitraka dia manolotra ny Fikambanana fangatahana iray na maromaro amin'ny fametraham-bola ao amin'ny kaonty Manokana izay ny tetiny manontolo dia tsy mihoatra ny vola nekena. Miainga avy amin'ireo fangatahana tsirairay ireo ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisitraka, dia misarika ao amin'ny Kaonty momba ny Fanomezana ary mametraka ao amin'ny Kaonty Manokana, ny vola izay nangatahan'ny Mpisitraka ;

(b) Mba hamelomana indray ny Kaonty Manokana, ny Mpisitraka dia manolotra ny Mpikambana ny fangatahana fametraham-bola ao amin'ny Kaonty Manokana, amin'ny elanelana voatondron'ny Fikambanana mazava. Alohan'ireo fangatahana voalaza tsirairay ireo na amin'ny fotoana anaovana izany, ny Mpisitraka dia hanolotra ny Fikambanana ny tahirin-kevitra sy singan-taratasy fanamarinana hafa ilaina, ho fampiharana ny Fizarana B.3 amin'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao, amin'ny fanefana izay nangatahana ny famelomana indray Mifototra amin'ireo fangatahana tsirairay ireo, ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisitraka, dia hisarika vola ao amin'ny kaonty momba ny Fanomezana sy mametraka ao amin'ny kaonty Manokana ny vola izay angatahin'ny Mpisitraka ka izany tahirin-kevitra voalaza izany sy ireo singan-taratasy fanamarinana ireo dia manamarina fa nalaina tao amin'ny kaonty Manokana mba hanefana ny Fandaniana nifanarahana. Ireny fametraham-bola ao amin'ny Kaonty Manokana tsirairay ireny dia alain'ny Fikambanana ao amin'ny kaonty momba ny Fanomezana amin'ny anaran'ny Sokajy nifanarahana iray na maromaro.

3 Ny Fikambanana dia tsy voatery hanao fametraham-bola vaovao ao amin'ny kaonty Manokana, raha vao mitovy avo roa heny amin'ny vola nekena ny fitambaran'ny vola tsy nalaina tao amin'ny Fanomezana, analana ny tsatoka manontolo ny fandraiketam-panekena manokana nataon'ny Fikambanana araka ny voalazan'ny sokajy 5.02 ao amin'ny Fepetra ankapobe. Aorian'izany, ny vola ao amin'ny kaonty momba ny Fanomezana dia alaina ao amin'ny kaonty momba ny Fanomezana araka ny paika arahina nampahafantarin'ny Fikambanana Mpisitraka. Izany fisariham-bola natao aty aoriana voalaza izany dia tanterahina fotsiny ihany aorian'ny nanaovana izany, ary ao anatin'ny fepetra izay nanaovana izany, ary nahafapo ny Fikambanana fa ny fitambaran'ny vola manontolo ao amin'ny Kaonty Manokana amin'ny vaninandro nanaovana ny fampahafantarana dia hampiasaina hanefa ny Fandanina nifanarahana

## Fanampiny B

### amin'ny Tovana 1

Fampandehanana ny Kaonty Manokana raha toa ny fisariham-bola dia Famohambola mifototra amin'ny Tatitra.

1 Ny fisariham-bola amin'ny kaonty momba ny Fanomezana dia apetraky ny Fikambanana ao amin'ny Kaonty Manokana araka ny fepetra voalazan'ny Tovana 1 amin'izao Fifanarahana izao. Ireny fametrahana tsirairay ao amin'ny Kaonty Manokana ireny dia alain'ny Fikambanana amin'ny Kaonty momba ny Fanomezana amin'ny anaran'ny Sokajy nifanarahana iray na maromaro

2 Amin'ny fandraisana ny fangatahana fisariham-bola tsirairay ao amin'ny Fanomezana, ny Fikambanana, amin'ny anaran'ny Mpisitraka dia misintona ao amin'ny kaontin'ny Fanomezana ary mametraka ao amin'ny Kaonty Manokana, vola mitovy amin'izay kely indrindra amin'ny tetin'izy roa manaraka ireto : (a) ny vola nangatahana ; sy (b) ny vola nofaritan'ny Fikambanana mba hanaovana tatitra voalazan'ny Fizarana A.5 amin'izao Tovana 1 izao ampiharina amin'izany fangatahana fisariham-bola voalaza izany sy ampiarahana izany fangatahana izany, dia tsy maintsy apetraka mba hamatsiana ny Fandaniana Nifanarahana mandritra ny fe-potoana enim-bolana manaraka ny vaninandro fanaovana izany tatitra izany.

## TOVANA 2

### Fanoritsoritana ny Tetikasa

Ny zava-kendren'ny Tetikasa dia ny hanatsara ny fiarovana sy ny fitantanana maharitra ny harena saro-pady avy amin'ny tontolon'ny zava-miaina samihafa eny an-tanim-piasana, ny hampidirana ny fiarovana ao anatin'ny fandaharanasa momba ny fitantanana ara-toekarena mahafaobe sy isan-tsehatra, ary hanamorana ny

fametrahana ny rafitra fitantanam-bola maharitra ho an'ny tontolo iainana, izay miara-miasa ihany koa amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fiainan'ny mponina.

Ny tetikasa ahitana ireto fizarana manaraka ireto, tsy tohinina amin'izany izay rehetra fanovana mety ho entin'ny Mpisitraka sy ny Fikambanana mba hanatrarana ny zava-kendrena voalaza

#### Fizarana A : Fitantanana ny fitambaran'ny tontolo manodidina ny ala

1 *Fitondrana* : Fanomezana asa momba ny fakan-kevitra miendrika teknika sy fanofanana ary fahazoana fitaovana, mba hanehoana sy hanatanterahana ny fizarazarana ny faritry ny ala, ny drafi-pitantanana ary ny asa aman-draharaha mikasika ny fanaraha-maso ny ala, ao anatin'izany ny fanamafisana ny sehatra amin'ny fampanofana ny zo fahafaha-mivarotra sy ny rafitra momba ny fanangonana ny zo, ny fanamafisana ny fepetra ara-pitondrana amin'ny fampiharana ny fitsipika amin'ny alalan'ny fametrahana rafitra iray tanteraka momba ny fampahalalam-baovao sy ny serasera mba hanaovana fanaraha-maso nohatsaraina ny ala, ary ny fanamafisana ny asa fanaovana andrimason'ny OSF.

2 *Fiakajiana ny ala* : fanomezana asa fakan-kevitra miendrika teknika, fanatanterahana asa madinidinika ary fahazoana fitaovana, mba hananganana sy hitantanana toera-manintona fitahirizana ny ala ivelan'ny tamba-jotry ny faritra voaaro, miaraka amin'ny fampidirana ny fenitra ara-toekarena sy fitaovana hafa ara-toekarena sy ara-pitsipika, ao anatin'izany ny fametrahana fiasana ara-pitantanam-bola mba hamantarana sy hikendrena ny tombontsoa ara-toekarena amin'ny fiarovana.

3 *Famindrana ny fitantanana ny ala* : Fanomezana asa fakan-kevitra miendrika teknika sy fahazoana fitaovana mba hanamorana ny famindrana ny zom-pitantanana ny ala amin'ny vondron'olona eo an-toerana sy hampiroboroana ny fampandrosoana ny tsena kely ho amin'ny vokatry ny tontolom-piveloman'ny zava-miaina, ahafan'ny vondron'olona ihany koa manatsara ny fahafaha-mampiteraka ny vola miditra amin'ny famindrana ny fitantanana ny ala

4 *Fambolen-kazo* : Fanomezana asa fakan-kevitra miendrika teknika sy ny fanofanana , ary fahazoana fitaovana sy fiasana, mba hanatanterahana ny asa aman-draharaha momba ny fambolen-kazo, ao anatin'izany ny fanokanana tany amin'ny fambolen-kazo sy ny fampandrosoana ny fahafahana manao asa aman-draharaha amin'ny fanagiazana ny entona avy amin'ny sisan-javatra nodorana.

5 *Angovo ilaina ao an-tokantrano* : Fanomezana asa fakan-kevitra miendrika teknika sy fanofanana ary fahazoana fitaovana, mba hanamorana ny fanatanterahana ny fandaharanasa aman-draharaha mikasika ny angovo ilaina ao an-tokantrano natao hiantohana ny fanomezana maharitra ny hazo ataina, izay ahitana : (a) fanatsarana ny fanomezana arina, amin'ny alalan'ny fampivoarana ny fanao amin'ny fitantanana maharitra ny ala sy ny fampidirana ny teknika nohatsaraina momba ny fanaovana arina ; (b) ny fampihenana ny fangatahana hazo ataina amin'ny fampiasaina tena mihitatra ny fatana fahandroana ahitam-bokatsoa ; ary (c) ny fampiroboroboana ireo mpanome angovo fanolo mba hampihenana ny fitadiavana arina.

#### Fizarana B : Fitantanana ny Rafitry ny faritra voaaro.

1 Fandraisan'anjaran'ny vondron'olona. Fanatanterahana ny fandaharanasa aman-draharaha mikendry ny hanamorana ny fandraisan'anjaran'ny vondron'olona eo an-toerana amin'ny fitantanana ny AP sy hampihenana ny fanerena manodidina ny AP, ao anatin'izany ny fanamafisana sy fampivelarana ny fahefana nomena ny CRO, ny fananganana fikambanana eo an-tànana, ny fanamafisana ny fahaizan'ireo CRO ireo sy ny fikambanana ao an-tanàna mba handray anjara amin'ny fitantanana ny faritra voaaro, ary ny fampiroboroboana ny fifarimbonan'asa miaraka amin'ny ONG.

2 *Fanitarana sy fanitsiana ny rafitry ny AP.*Fampandehanana ny drafi-piasana mandritra ny dimy taona ho amin'ny fanitarana sy fanitsiana ny rafitra misy eo amin'ny AP izay mikendry ny fiantohana ny fisian'ny solontenan'ny fitambaran'ny tontolo manodidina ao anatin'izany rafitra izany, ao anatin'izany ny fampidirana ny zava-kendrena amin'ny fanaovana teti-pivoarana momba ny fiakajiana any amin'ny AP sy ny faritra famaharana, amin'ny alalan'ny famantarana sy fananganana AP vaovao, ny fanasokajiana indray ny AP sasantsasany sy ny famaritana indray ny AP hafa, arakaraky ny fisehoan-javatra mba hitarafana ny vokatry ny fampiasana ankehitriny sy hiantohana ny firindran'ny tontolon'ny zava-boaary.

3 *Fitantanana ny vala* : Fanatanterahana ny fandaharanasa mikendry ny hanatsarana ny fitantanana ny fiakajiana ny rafitry ny AMP, izay ahitana : (a) ny asa aman-draharaha momba ny fizohiana ny tontolon'ny zava-boaary sy ny fampiharana ny fepetra momba ny fiakajiana ny fitambaran'ny tontolo manodidina an-tanety sy an-dranomasina ; (b) ny fanaovana andrimaso sy ny fanaraha-maso, ao anatin'izany ny asa aman-draharaha momba ny fanaraha-maso ny afo (c) ny fanamboarana foto-drafitra iray momba ny fiakajiana, izay ahitana ny hidin-dàlana



ho an'ny fanaraha-maso, ny fisorohana ny fihanaky ny afo, ny manda fitiliana, ny fanamarihana ny fara-fetra, ny takela-by fanondroana, sy ny fanehoana ny fampahalalam-baovao ary ny fandrarana ; ary (d) ny fanatanterahana ny fikarohana fampihatra mikasika ny tontolom-piveloman'ny zava-miaina samihafa.

4 *Fampiasana maharitra ny rafitry ny AP* : Fanatanterahana ny fandaharanasa mikendry ny fampiroboroana ny tontolo mahakasika ny fizahan-tany sy hihoarana ny sakana amin'ny fampandrosoana izany, ao anatin'izany ny fanamboarana na fanatsarana ny foto-drafitrasa tompon'andraikitra momba ny mpitsidika, ny fametrahana asa aman-draharaha mikasika ny fialam-boly, ny fandinihana indray ny saram-pidirana ao amin'ny vala, ny fanamafisana ny asan'ny mpitari-dalana, ary ny fampandrosoana ny fifarimbonan'asa amin'ny sehatr'asa tsy miankina amin'ny fanjakana mba ho fampivoarana ny fampandrosoana ny tontolo mahakasika ny fizahan-tany

5 *FAPB* : Fametrahana fomba iray maharitra amin'ny fitantanam-bola mba hitehirizana ny tontolom-piveloman'ny zava-miaina samihafa, amin'ny alalan'ny fananganana Antokon-draharaha ho an'ny faritra voaaro sy ny tontolom-piveloman'ny zava-miaina samihafa (FAPB) natao manokana mba handraisana sy hitantanana ny tahiry ho ampiasaina amin'ny fandraisan'anjara amin'ny famatsiana ny fitantanana ny tambajotry ny AP sy ny fiakajiana ny tontolom-piveloman'ny zava-miaina samihafa.

### Fizarana C : *Fampidirana ny lanjan'ny Tontolo iainana*

1 Fampahalalam-baovao, Fanabeazana, Serasera :

Fanatanterahana ny fandaharanasa fampahalalam-baovao, fanabeazana ary serasera momba ny tontolo iainana, izay ahitana ny fanitarana ny rafitra efa misy momba ny fampahalalam-baovao mikasika ny tontolo iainana, mankany amin'ny ambaratongan'ny faritra sy fametrahana fahafahan'ny ONE hanao fanadihadiana sy famakafakana ny lanjan'ny habaka sy fotoana eo amin'ny zava-pantatra momba ny tontolo iainana, fanomanana ny fitaovana mikasika ny fanabeazana momba ny tontolo iainana sy ny fampisehoana ny fitambaran'ny fampahalalam-baovao ary ny fitaovana amin'ny fanofanana momba ny tontolo iainana.

2 *Lalàna, famolavolana ara-politika ary fanaovana ny fitsipika momba ny tontolo iainana.*

Fanamafisana ny fahafahan'ny DGE-MinEnvEF mikasika ny fanaovan-dalàna, ny famolavolana ara-politika, ny fanaovana fitsipika momba ny tontolo iainana sy ny fitantanana ny fitarainana, ao anatin'izany ny fanatanterahana ny fanombanana ny tontolo iainana mitana ny laka (Ees) mba hanamarinana ny firindran'ny lalàna mifehy ny sehatr'asa amin'ny faritra ara-dalàna momba ny tontolo iainana, ny fametrahana vondron'ny DGE mba hanao fanadihadiana momba ny tontolo iainana raha oharina amin'ny fepe-dalàna sy ny politika naroso, ary ny fanatanterahana ny asa aman-draharaha mikasika ny fanamafisana ny fahaizana sy ny fanamafisana ara-pitondrana ny amin'ny fanombanana ny fahafahana amin'ny famatsiam-bolan'ny "Carbone" sy ny fomba famatsiam-bola maharitra hafa ho an'ny tontolo iainana.

3 *lalàna MECIE* : Fanatanterahana ny fandaminana momba ny fepetra mba hanatsarana ny fampiharana ny lalàna MECIE, izay ahitana ny fepetra mikendry ny fanafainganana ny fomba arahin'ny EIE sy hampihenana ny vidiny, amin'ny fiantohana ihany koa ny fenitra faran'ny kely indrindra amin'ny kalitao azo ekena, sy ny fametrahana antokon-draharaha tokana eo anivon'ny ONE mba hanombanana ny EIE sy ny fanomezana fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana

4 *Fitantanana sy fandrindrana ny tontolo iainana*. Fanatanterahana ny fandaharanasa momba ny fitantanana sy fandrindrana ny tontolo iainana, izay ahitana ny fametrahana rafitra iray momba ny fitantanam-bola mba hanosehana ny fandaharanasa anohanana ny tetibola, ny fametrahana rafitra iray fizohiana sy fanombanana mba handrefesana ny vokatra sy ny fiantraikan'ny Fandaharanasa, ny fampiharana ny fanavaozana ara-pitondrana, miaraka ihany koa, ny fanamafisana ny fahafahan'ny MinEnv sy fanamafisana ny fandrindrana amin'ny fandaharanasa hafa amin'ny sehatr'asa miankina amin'ny fanjakana sy ny mpamatsy vola.

\* \* \* \*

Ny famaranana ny Tetikasa dia voatondro ho amin'ny 30 jona 2009

### TOVANA 3

#### Fandraiketana Fifampiraharaham-barotra

Sokajy voalohany : Fandraiketana fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja sy ny Asa

Fizarana A : Ankapoben-javatra

Ny fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja sy ny asa dia atao araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Sokajy voalohany amin'ny "Torolàlana Mikasika ny Fandraiketana Fifampiraharaham-barotra ao anatin'ny faritry ny Fampisamboram-bola avy amin'ny IBRD sy ny Fisamboram-bola amin'ny IDA" navoakan'ny Banky ho fantatry ny besinimaro tamin'ny janoary 1995 sy nasiam-panamboarana tamin'ny janoary sy Aogositra 1996, Septambra 1997 ary Janoary 1999 (Ny Torolàlana) sy araka ny fepetra manaraka etoana ao amin'ity Sokajy ity.

Fizarana B : Fitaomana hanao tolo-bidy Iraisam-pirenena

1 Na dia eo aza ny fepetra voalaza ao amin'ny Fizarana C amin'ity Sokajy ity, ny Fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja dia atao ao anatin'ny fifanekena nomena araka ny fepetra voalazan'ny Sokajy II amin'ny Torolàlana sy ny paragrafy 5 ao amin'ny Fanampiny 1 amin'ireny Torolàlana ireny.

2 Ny fepetra manaraka etoana dia ampiarina amin'ireo Fifanaraham-barotra mikasika ny kojakoja izay tsy maintsy omena araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy voalohany amin'ity Fizarana B ity :

## Vondron'ny Fifampiraharaham-barotra

Araka izay fahafahana, ny Fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja dia avondrona ho tsinjara izay vinavinaina mitovy lenta amin'ny \$ 250,000 ny sandan'ny tsirairay na mihoatra

### Fizarana C : Paika arahina hafa momba ny Fandraiketana ny Fifampiraharaham-barotra

#### 1 Fitaomana hanao tolo-bidy eto amin'ny Firenena

Ny Fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja izay latsaky ny setri-bidin'ny 250.000 \$ isaky ny fifanekena ny sanda novinavinaina, ary ny fifampiraharaham-barotra mikasika ny asa dia azo atao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.3 sy 3.4 amin'ny Torolàlana ; na dia eo aza anefa : (i) ny tolo-bidy rehetra dia hatolotra atao anaty valopy misokatra ampahibemaso ; (ii) ny fanomezana isa dia tsy ampiasaina amin'ny fanombanana ny tolo-bidy ; (iii) ny fanomezana ny Fifampiraharaham-barotra dia ampahafantarina ny mpanao tolo-bidy rehetra ; (iv) izay rehetra mpanao tolo-bidy dia mahazo fe-potoana ampy tsara (farafahakeliny herinandro efatra) mba hanomanana sy hanolorana ny tolo-bidy ; (v) ny fanombanana ny tolo-bidy sy ny toro-fenitra momba ny toetoetry ny mpanao tolo-bidy dia faritana mazava tsara ao anatin'ny taratasy firaketana ny fitaomana hanao tolo-bidy/ny toetoetra mialoha ary tsy ampiharina amin'ny fomba kitoatoa ; (vi) ny Kaompania azo fidina dia tsy sakanana handray anjara ; (vii) tsy ekena mihitsy ny fanomezan-tombon-dahiny amin'ireo mpifampiraharaha sy mpamatsy eto amin'ny firenena ; (viii) ny Fifampiraharaham-barotra dia omena ny mpanao tolo-bidy izay ambany vato araka ny fomba nofaritana mialoha sy mangarahara mikasika ny fanombanana ; (ix) ny tatitra momba ny fanombanana ny tolo-bidy dia mamoka mazava ny antony izay iheverana fa tsy mifanaraka sy nolavina ny tolo-bidy ; ary (x) alohan'ny amoahana ny fitaomana hanao tolo-bidy voalohany, ny volavolan'ny antontan-taratasy lasitra momba ny fitaomana hanao tolo-bidy dia efa nomanina sy naroso teo amin'ny Fikambanana izay nihevitra azy ho azo ekena.

#### 2 Fakàna ny hevitra ny Mpamatsy eo amin'ny Ambaratongam-pirenena/Iraisam-pirenena

Ny Fifampiraharaham-barotra mikasika ny kojakoja izay latsaky ny setri-bidin'ny \$ 50,000 ny sanda novinavinaina isaky ny Fifampiraharaham-barotra dia azo atao

mifototra amin'ny paika arahina amin'ny fakàna ny hevitra ny mpamatsy eo amin'ny ambaratongam-pirenena na iraisam-pirenena araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.5 sy 3.6 amin'ny Torolàlana.

3. Asa mifampitohy

Ny Fifampiraharham-barotra naely na napetraka amin'ny toerana lavitra na izay tsy ahafahana mamantatra mialoha ny vinavina, dia azo atao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.8 amin'ny Torolàlana, miaraka amin'ny faneken'ny Fikambanana mialoha.

4. Famatsiana avy amin'ireo Masoivohon'ny NU

Ny Fifampiraharham-barotra mikasika ny fiarakodia, "motocyclettes" ary fitaovana hafa fampiasa manokana dia azo atao avy amin'ny Birao Iraisan'ny masoivoho any amin'ny Sampan-draharahan'ny Fandraiketana ny Fifampiraharham-barotra "Inter-Agency Procurement Services Office" (IAPSO) na ny Tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny Ankizy "United Nations Children's Fund" (UNICEF) araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.9 amin'ny Torolàlana.

5. Fandraiketana Fifampiraharham-barotra ho an'ny Asa Madinidinika

Ny Fifampiraharham-barotra mikasika ny asa izay latsaky ny setri-bidin'ny 50 000\$ isaky ny fifanekena ny sanda novinavinaina dia azo atao ao anatin'ny fifanekena raikitra amin'ny sanda tsy miova mifototra amin'ny fanamarinam-bidin'entana azo tamin'ny mpanao tolo-bidy telo (3) eo an-toerana nekena noho ny valin'ny fitaomana hanao tolo-bidy an-tsoratra. Ny fitaomana hanao tolo-bidy dia tsy maintsy ahitana ny famariparitana amin'antsipiriany ny asa, tafiditra ao ny bokin'andraikitra fototra, ny vaninandro hamitana ny asa takiana, ny taratasy lasitra momba ny fifanekena fototra heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, ary ireo sary mazava tsara, raha ilaina izany. Ny fifampisongonam-bidy dia tsy maintsy atao amin'ny mpanao tolo-bidy izay manome ny isa amin'ny sanda ambany indrindra ho an'ny asa takiana, sy izay manana traikefa ary loharanom-bola mba hanatanterahana tsara ny fifanekena.

Fizarana D :Fandinihan'ny Fikambanana ny Fanapahan-kevitra mikasika ny Fandraiketana Fifampiraharham-barotra

1. Fandrafetana ny fandraiketana fifampiraharham-barotra

Alohan'izay rehetra famoahana ho fantatry ny besinimaro ny filazana hanao tolo-bidy mikasika ny fifanaraham-barotra, ny tolo-kevitra mikasika ny Drafitry ny Fandraiketam-barotra novinavinaina ho an'ny Tetikasa dia ampahafantarina ny Fikambanana mba hodinihina sy hankatoavina, araka ny fepetra voalazan'ny

paragrafy voalohany amin'ny Fanampiny voalohany amin'ny torolalana. Ny fifampiraharaham-barotra rehetra mikasika ny kojakoja sy ny asa dia atao araka io drafitra fandraiketana fifampiraharaham-barotra io nankatoavin'ny Fikambanana, sy araka ny fepetra voalazan'io paragrafy voalohany io.

2. Fandinihana mialoha

Mikasika ny fifampiraharaham-barotra momba ny kojakoja sy ny asa tsirairay izay mitovy na mihoatra ny setri-bidin'ny \$100.000 ny sanda novinavinaina, ny paika arahina voalaza ao amin'ny paragrafy 2 sy 3 ao amin'ny Fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana dia ampiharina.

3. Fandinihana any aoriana

Mikasika ny fifampiraharaham-barotra tsirairay tsy fehezina'ny paragrafy 2 amin'ity Fizarana ity, ny paika arahina voalaza ao amin'ny paragrafy 4 ao amin'ny Fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana dia ampiharina

Sokajy II. Fampiasana ny Mpanoro hevitra

Fizarana A : Ankapoben-javatra

Ny fifanekem-pisahan'asa amin'ny mpanoro hevitra dia omena araka ny fepetra voalazan'ny sokajy I sy IV amin'ny "Torolàlana : Fifantenana sy Fampiasan'ny Mpampisambotra an'ny Banky Iraisampirenena ny Mpanoro hevitra" navoakan'ny Banky ho fantatry ny besinimaro tamin'ny janoary 1997 sy nasiam-panamboarana tamin'ny Septambra 1997, janoary 1999 ary mey 2002 (ny Torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra), paragrafy voalohany ao amin'ny Fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana, ao amin'ny Fanampiny 2 amin'ny Torolàlana, sy araka ny fepetra manaraka etoana amin'ity sokajy ity.

Fizarana B : Fifantenana mifototra amin'ny Hatsarana sy amin'ny Vidiny

1. Afatsy raha hoe misy fepetra manohitra izany ao amin'ny Fizarana C ao amin'ity sokajy ity, ny fifanekem-pisahanan'asa amin'ny mpanoro hevitra dia omena araka ny fepetra voalaza ao amin'ny Sokajy II amin'ny Torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra, sy araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.13 ka hatramin'ny paragrafy 3.18 amin'ireo Torolàlana ireo izay azo ampiharina amin'ny fifantenana ny mpanoro hevitra miainga amin'ny hatsarana ny amin'ny vidiny.

2. Ny fepetra manaraka etoana dia ampiharina amin'ireo fifanekem-pisahanan'asa amin'ireo mpanoro hevitra izay tsy maintsy omena araka ny fepetra

voalazan'ny paragrafy etsy aloha : ny lisitra voafetra ho an'ny fisahanan'asa ao anatin'ny Tetikasa, izay latsaky ny setri-bidin'ny 100.000 \$ isaky ny fifanekena ny sanda novinavinaina, dia afaka tsy ahitana afatsy ny mpanoro hevitra teratany manontolo, araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 2.7 sy ny fanamarihana ery ambany amin'ny pejy 8 amin'ny Torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra.

### Fizarana C: Paika arahina hafa amin'ny Fifantenana ny Mpanoro hevitra

#### 1. Fifantenana Mifototra amin'ny Toetoetry ny Mpanoro hevitra

Ny fifanekem-pisahanan'asa latsaky ny setri-bidin'ny \$ 100.000 isaky ny fifanekena ny sanda novinavinaina dia azo atao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy .3.1 sy 3.7 amin'ny Torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra.

#### 2. Fifantenana miainga amin'ny Loharano iray ihany

Ny fifanekem-pisahanan'asa latsaky ny setri-bidin'ny \$100.000 isaky ny fifanekena ny sanda novinavinaina dia azo atao araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3.8 ka hatramin'ny paragrafy 3.11 amin'ny torolàlana momba ny fampiasana ny Mpanoro hevitra, miaraka amin'ny faneken'ny Fikambanana mialoha.

#### 3. Mpanoro hevitra Mandeha irery

Ny fifanekem-pisahanan'asa amin'ny mpanoro hevitra mandeha irery manao asa mahafapo araka ny fepetra voalaza ao amin'ny paragrafy 5.1 amin'ny torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra dia omena araka ny fepetra voalazan'ny paragrafy 5.1 ka hatramin'ny paragrafy 5.3 amin'ny torolàlana momba ny Fampiasana ny Mpanoro hevitra.

### Fizarana D : Fandinihan'ny Fikambanana ny Fifantenana ny Mpanoro hevitra

#### 1. Fandrafetana ny fifantenana

Hisy drafitry ny fifantenana ny mpanoro hevitra, izay tsy maintsy ahitana ny vinavinan'ny sandan'ny fifanekena, ny ao anatin'ny fitambaran'ny fifanekena, ary ireo toro-fenitra sy paika arahina amin'ny fifantenana azo ampiharina, ampahafantarina ny Fikambanana mba hodinihina sy hankatoavina alohan'ny andefasana izay rehetra fangatahana ny tolokevitra amin'ireo mpanoro hevitra. Ny fifantenana ireo fisahanan'asan'ny mpanoro hevitra dia atao araka io drafitry ny fifantenana natao maty paik'andro io nankatoavin'ny Fikambanana.

#### 2. Fandinihana mialoha

(a) ho an'izay rehetra fifanekena nangatahana fanampiana tamin'ireo fanjarianasa mpanoro hevitra izay mitovy amin'ny setri-bidin'ny \$ 100.000 na

mihoatra ny sanda novinavinaina, ny paika arahina voalaza ao amin'ny paragrafy 2 sy 3 ary 5 ao amin'ny Fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana momba ny fampiasana ny Mpanoro hevitra no ampiharina.

(b) Ho an'izay rehetra fifanekena amin'ireto mpanoro hevitra mandeha irery izay mitovy na mihoatra ny setri-bidin'ny \$ 50.000 ny sanda novinavinaina, na hofantenana miainga amin'ny loharano iray ihany, ny tatitra mikasika ny fampitahana ny toetoetra sy ny traikefa ananan'ny mpanao tolo-bidy, (ny toetoetra, ny traikefa) ny teny fitsiahy sy ny teny fampiasan'ny mpanoro hevitra dia ampahafantarina ny fikambanana mba hodinihina mialoha sy ankatoavina. Ny fifanekena dia tsy omena raha tsy aorian'ny nandraisana io fankatoavana io. Ny fepetra voalazan'ny paragrafy 3 ao amin'ny fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana momba ny fampiasana ny mpanoro hevitra dia ampiharina ihany koa amin'ireo fifanekena ireo

### 3. Fandinihana any aoriana

Ho an'izay rehetra fifanekena tsy fehezin'ny paragrafy 2 amin'ity fizarana ity , ny paika arahina voalaza ao amin'ny paragrafy 4 amin'ny fanampiny voalohany amin'ny Torolàlana momba ny fampiasana ny Mpanoro hevitra dia ampiharina.

## TOVANA 4

### Fandaharanasa fanatanterahana

#### 1- Ny Mpisitraka

(a) no mametraka sy mitana :

(i) ny komity iray iraisan'ny minisitara momba ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra sy ny tontolo iainana, izay heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, ny fe-potoana iasana, ny teny fitsiahy ary ny firafitra, mba hizohy ny firosoan'ny fandaharanasa, hitandro ny fampandehanana tsara sy hiantoka ny fiaraha-miasa eo amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra sy ny tontolo iainana;

(ii) ny komity iray iarahana izay heverin'ny fikambanana fa azo ekena, ny fe-pototana iasana, ny teny fitsiahy ary ny firafitra, sy ahitana ny solotenan'ny mpisitraka sy ny mpamatsy vola, mba ho sehatra iombonana hanamorana ny fizohina ny firosoan'ny Fandaharanasa, ny fanatontosana ny asa momba ny



fanaraha-maso ambony ary ny fifanakalozam-pijery mikasika ny firosoan'ny fandaharanasa;

(iii) ny vondrona iray fanohanana ny fanatanterahana ny Tetikasa (Vondrona) izay heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, ny fe-potona iasana, ny teny fitsiahy ary ny firafitra, izay tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ankapobe ny fanatanterahana ny tetikasa izay ahitana, ankoatr'izany, ny fitantanana ny asa momba ny fandraiketana ny fifampiraharham-barotra sy ny fisintonam-bola, ny fanamafisana ny fandaharanasa isan-taona momba ny asa sy ny tetibola, ny fanomanana sy ny fanamboarana ny tatitra isan-taona momba ny firosoana sy ny famelabelarana ny toe-bola, ary ny fapandehanana tsara ny rafitra momba ny fizohina sy fanombanana ny tetikasa; ary

(b) miantoka fa:

(i) ny vondrona dia tantanan'ny mpandrindra iray, izay hampian'ny manam-pahaizana momba ny fifampiraharham-barotra, ny fitantanana ny vola, ary ny fizohina ny fanombanana, izay ataon'ny mpanamarina anatin'ny sy olon-kafa manana ny fahaizana sy ny traikefa ilaina sy amin'ny isa ampy tsara; ary

(ii) ny toerana misy ny mpandrindra sy ny mpandraharaha eo amin'ny ambaratonga ambony ao amin'ny Vondrona dia omena amin'ny fotoana rehetra ny olona izay manana ny fahaizana sy ny traikefa heverin'ny fikambanana fa azo ekena

2. Eo am-piandrasana ny fametrahana eo amin'ny toerany ny ANGEF, ny DGEF dia manohy miantsoroka ny andraikitra mikasika ny endrika ahitam-bokatra momba ny fiakajiana sy ny fitantanana maharitra ny loharanom-karena avy amin'ny rano sy ala ary ho tompon'andrikitra, amin'izany, ny fanatanterahana ny fizarana A amin'ny tetikasa

3. Ny Mpisitraka:

(a) no manomana sy mandefa amin'ny Fikambanana mba hanaovana fanamarihana, ary manaraka izany mandany ny bokim-panatanterahana ny tetikasa izay heverin'ny Fikambanana fa azo ekena ny endrika sy ny votoatiny, ary izay manome ny antspirihany amin'ny torolàlana sy paika arahina ahitam-bokatra izay efa nifanarahana tamin'ny fikambanana momba ny fanatanterahana sy ny fizohina ary ny fanaraha-maso ambony ny tetikasa, tafiditra ao ny :

(i) tondro ezaka, torolàlana momba ny fizohina sy fanombanana, ary fomba ampiharina amin'ny fanombanana ny tontolo iainana;

- (ii) paika arahina momba ny fitondran-draharaha sy fitantanan-kaonty ary ny fitantanam-bola;
- (iii) torolàlana momba ny fandraiketana fifampiraharaha-barotra sy ny fisintonam-bola;
- (iv) toro-fenitra momba ny fifantenana ny faritra irotsahana an-tsehatra amin'ny tetikasa;
- (v) antsipirian'ny PE/PGE sy ny CP, arakaraka izay azo ampiasaina azy, ny fitaovana hafa eo amin'ny lafiny sosialy sy eo amin'ny lafiny tontolo iainana mifehy ny Tetikasa ; ary
- (vi) torolàlana momba ny fanomezan-tamby ny PAP araka izay voalaza ao amin'ny CP, sy, arakaraka izay azo ampiasaina azy, ny antsipirian'ny CPAP mandeha irery, ary

(b) no manatanteraka ny Tetikasa araka ny paika arahina voalaza ao amin'ny Bokim-panatanterahana ny Tetikasa, ary afatsy raha hoe misy fifanarahana nataon'ny Fikambanana manohitra izany, ny Mpisitraka dia tsy manao mihitsy na dia iray aza fanovàna na fandinganana fepetra mifandraika amin'izany, raha toa io fanovàna na fandinganana fepetra io ka mahakasika ny fitaovana na mety hanimba ny fanatanterahana ny Tetikasa, araka ny Fikambanana.

4. tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny sokajy 4.02 amin'ny Fifanarahana, ny Mpisitraka :

(a) farafahelany ny 30 septambra 2004, ary manaraka izany faharahelany ny 30 septambra isan-taona, dia mandroso amin'ny Fikambanana mba hodinihina sy hanaovana fanamarihana ny tetikasa momba ny fandaharanasa isan-taona mikasika ny asa sy ny tetibola novinavinaina, ho an'ny Taom-piasana ara-ketra ho avy ;

(b) dia manao, manaraka izany, ny fanatanterahana ny fandaharanasa isan-taona mikasika ny asa sy ny tetibola, ka tandrovana amin'izany izay rehetra fanamarihana mety nataon'ny Fikambanana mikasika izany, ary.

(c) farafahelany 30 andro aorian'ny fifaranan'ny telovolana tsirairay, manomboka ny 30 andro aorian'ny telovolana voalohany manaraka ny fampananan-kery azy, dia mandroso amin'ny Fikambanana ny tatitra isan-telovolana mikasika ny firosoan'ny Tetikasa, mikasika indrindra ny fanatanterahana ny fepetra fiarovana eo amin'ny lafiny sosialy sy tontolo iainana ao anatin'ny Tetikasa, ary manome ny antsipirian'ireo fepetra noraisina amin'ny fanatanterahana ny PE/PGE, ny CP na ny PDPA, raha ilaina, ny fepetra izay miteraka ny fifangaroana na mety hiteraka fifangaroana eo amin'ny fanatanterahana tsara ny PE/PGE, ny CP na ny PDPA, raha ilaina, ary ny fepetra fitsarana noraisina na ilaina ho raisina mba

hiatrehana ireo fepetra ireo.

5. Ny Mpisitraka dia :

(a) mitàna ny politika sy ny paika arahina mifanentana mba ahafahana manao ny fizohiana sy fanombanana miainga amin'ny fototra mitohy, araka ny fanondroana heverin'ny Fikambanana fa mahafapo, ny fanatanterahana ny Tetikasa sy ny fanatanterahana ny tanjona mifandraika amin'izany ;

(b) manomana, ao anatin'ny teny fitsiahy heverin'ny Fikambanana fa mahafapo, ny tatitra ary manome ny Fikambanana izany, amin'ny vaninandron'ny 30 septambra 2006 na amin'ny fotoana manodidina io vaninandro io ; io tatitra io dia mampiditra ny vokatry ny asa momba ny fizohiana sy fanombanana notanterahina araka ny paragrafy (a) amin'ity sokajy ity, ny ezaka vita tamin'ny fanatanterahana ny Tetikasa mandritra ny fe-potoana mialohan'ny vaninandro entin'io tatitra io ary mametraka ny fepetra nodidiana mba hiantohana ny fanatanterahana mahomby ny Tetikasa sy ny fanatanterahana ny tanjona mifandraika amin'izany mandritra ny fe-potoana manaraka io vaninandro io ; ary

(c) miara-mandinika amin'ny Fikambanana, farafahelany ny 30 novambra 2006, na amin'ny vaninandro rehetra ny aoriana izay mety angatahin'ny Fikambanana, ny tatitra voalaza ao amin'ny paragrafy (b) amin'ity sokajy ity, ary, manaraka izany, mandray ny fepetra rehetra ilaina mba hiantohana ny fahavitana mahomby ny Tetikasa sy ny fanatanterahana ny tanjona mifandraika amin'izany, tandrovana amin'izany ny famintinana sy ny fameperana io tatitra io sy ny fomba fijerin'ny Fikambanana mikasika izany.

6. Araka ny voalaza ao amin'ny Fizarana A amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka, eo am-piandrasana ny fanaovana ny rafitra mangaraharaha sy ifaninanana momba ny fanomezana mifototra amin'ny fifanarahana fanomezana ny fahazoan-dàlana, heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, dia mitàna: (i) ny fandràna mikasika ny fanondranana ny hazo sarobidy tsy nasiam-panamboarana (hazo mainty, varongo ary voamboana), sy (ii) ny fepetra mampanan-kery momba ny fanomezana ny fahazoan-dàlana vaovao mikasika ny fakàna ny varongo

7 araka ny voalaza ao amin'ny Fizarana B amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka dia manomana sy mandany, alohan'ny fananganana araka ny lalàna ny faritra voaro rehetra mikasika ny alan'i Mikea, ary manaraka izany manatanteraka, ny drafitra momba ny fampandrosoana ny mponina teratany (PDPA) heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, izay ahitana :

(a) ny fanadihadiana amin'ny antsipiriany ny mety ho fiantraikany ara-tsosialy, ara-toekarena sy ara-kolontsaina ny tolokevitra rehetra momba ny fampandrosoana ny alan'i Mikea ;

(b) ny fombafomba hiantohana ny fandraisan'anjara fenon'ny mponina eo an-toerana momba ny alan'i Mikea amin'ny famolavolana sy ny fanatanterahana ny asa rehetra mikasika ny fampandrosoana ao amin'ny faritra ; ary

(c) ny fepetra hiantohana hiantohana fa ny mponina eo an-toerana, dia tsy iharan'ny vokatra mety hanimba fotsiny ihany avy amin'io asa fampandrosoana io, nefa kosa mahazo ny tombontsoa manokana mifanerana amin'ny kolontsain'izy ireo na eo amin'ny lafiny toekarena izany na eo amin'ny lafiny sosialy.

8 Raha toa ny miseho ka ny asa aman-draharaha rehetra ao amin'ny Tetikasa mampiditra fatiantoka eo amin'ny asam-pivelomana, fifanakalozana ara-barotra, asa, na raharaha hafa, na misy fiantraikany mety hanimba ny tany na tombontsoa hafa na rafitra, ny Mpisitraka dia manomana sy mandany ary manaraka izany manatanteraka ny Drafitr'Asa Drafitry ny Asa eo amin'ny sehatry ny Fizotry ny Asa heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, izay manome ny antsipirian'ny fepetra mifanaraka amin'ny CP, ary mikendry ny hanamorana ny fanomezana tamby ny PAP, tafiditra ao ny halehiben'ny fiantraikany, ny tolokevitra momba ny fepetra fanomezana tamby, ny tetibola sy ny fanombanana novinavinaina, ary koa ny fepetra momba ny andrim-pitondrana, ny fizohiana sy ny tatitra mifanentana ahafahana miantoka ny fanatanterahana tsara ny PACP, sy manao tatitra mitamberina ara-potoana mikasika ny fanajana azy io.

9. (a) Araka ny voalaza ao amin'ny Fizarana B.5 amin'ny Tetikasa, ny Mpisitraka dia manangana ny antokon-draharaha iray momba ny Faritra voaaro sy ny tontolon'ny Zava-miaina samihafa (FAPB) mba handray sy hitantana ny fandraisana anjara avy amin'ny Mpisitraka sy ireo mpamatsy vola hafa izay tsy maintsy ampiasaina mba hamatsiam-bola ny fiakajiana ny tontolon'ny zava-miaina samihafa ao anatin'ny fombafomba heverin'ny Fikambanana fa azo ekena, izay ahitana, nefa tsy voafetr'izany, izay toy izao manaraka izao ;

(i) ny toro fenitra mazava sy mangarahara momba ny fandinihana sy fankatoavana ny tolokevitra mikasika ny fiakajiana ny tontolon'ny zava-miaina samihafa ;

(ii)ny fitsipika mazava sy mangarahara izay mifehy ny fitantanana sy

ny fanaraha-maso ny FAPB, ary ny andraikitry ny andaniny sy ankilany mpandray anjara eo an-toerana ;

(iii) ny fanaovana ny kaonty misaraka mba handray sy hitantana ny fandraisana anjara amin'ny tahiry avadika ho renivola izay tsy maintsy ampiasaina mba handraisana anjara amin'ny famamtsiam-bola ny fitantanana ny tambajotran'ny AP sy ny fiakajiana ny tontolon'ny zava-miaina samihafa ;

(iv) ny fitsipika mazava sy mangarahara mba hiantohana fa ny tahiry dia ampiharina amin'izay nanokanana azy ary araka ny bokiny momba ny lahasa ;

(v) ny fepetra ahitana mialoha ny fanamarinana mahaleotena ara-teknika, ara-bola ary ara-pandaminana mba hanaovana ny fizohiana sy ny tatitra mikasika ny raharaha ataon'ny FAPB ; ary

(vi) ny fitsipika mazava sy mangarahara izay mifehy ny fampiasana ny vola enti-mihetsiky ny FAPB raha toa misy ny fampiraisan-troky na ny fandravàna

